AKORINAO ‘ZAY !

SCRIPT PAR EPISODE

EPISODE 1 :

- **Ireo fampiofanana arahina ao anatin’ny fikambanana,**
- **I Milijhon izay mitia mangina an’i Finy**
- **I Bera sy ny fisotroan-toakany**

Scène 1 : Hajasoa, Finy, Iaban’i Finy, Iendrin’i Finy

Tonga nitsidika ireo ray amandrenin’i Finy tany ambanivohitra i Hajasoa sy i Finy. Fotoana nahafahana nampahafantarana an’i Hajasoa ny amin’ny sirapay (fruit à pain) na soanambo nohamainina ihany koa io. Nambaran’Iendrin’i Finy tamin’izany fa anisan’ireo lohahevitra ampahafantarina sy ampianarina ao anatin’ny fikambanam-behivavy eo an-tanana eo ny fanamainana io sirapay io sy ny vokatra maro hafa toy ny kajaha (mangahazo), bokala (vomanga). Fomba fitahirizam-bokatra azo ampiharin’ny daholobe io. Anisan’izany ihany koa ny fanaovana rihiboankazo (confiture). Ny an’i Hajasoa kosa indray moa dia nasehony fa tsy dia azoazony ny fanatrehan’i Finy an’io fivoriana fanarahana fampiofanana ao anaty fikambanana io. Ny hasarotam-piarony moa no tena nahatonga azy tsy hankasitraka loatra an’izany.

Naroson’i Hajasoa ihany koa fa izany fanamainana vokatra izany dia voasolon’ny vata fampangatsiahana (frigidaire) raha samy resaka fitahirizam-bokatra ihany. Nambaran’i Finy moa fa mbola sarotra tanterahina izany satria na ny herinaratra aza moa tsy misy akory eny main’ny tontolo ambanivohitra. Nampanantena ihany moa i Hajasoa fa ho vidiany izany frigidaire izany mba ho fanomezana fahafaham-po an‘ireto ho rafozaniny.

Scène 2 : Bera, Milijhon

Sendra eo ampisotrosotroana toaka eo amin’ny bar n’Iendrin’i Zemany eo i Bera no indro nandalo i Milijhon ka nantsoiny. Fahazaran’i Bera tokoa mantsy ny mipetrapetraka misotrosotro eto isaky ny tolakandro avy miasa toy izao. Nanambara moa i Milijhon fa tsy dia mahavoa loatra an’itony zava-pisotro misy alikaola itony na dia nasain’i Bera aza. Voatery ranom-boankazo moa no nalainy na dia somary manery ankolaka aza i Bera. Ny vetsovetson’i Milijhon koa no ahafantarana fa manam-pitiavana miafina an’i Finy ihany koa izy. Fantatra ihany koa fa na dia be hambo diso tafahoatra aza i Bera dia mbola tanimbolin’ny rafozany ihany koa io amokarany io.

EPISODE 2

- **Ny raharaham-panambadian’i Hajasoa sy i Finy**
- **Ny fitsinjaran’asan’ny lahy sy ny vavy ao an-tokantrano**

Scène 1 : Finy, Hajasoa, laban'i Finy, Iendrin'i Finy

Nampahafantarin'i Finy an'i Hajasoa fa manampy an'i Milijhon amin'ny fampiofanana ireo tantsaha namany ihany koa i Finy amin'ny fotoana mampalalaka azy. Anterin'i Hajasoa hatrany moa fa tsy ankasitrahany loatra ity fampianarana iandraiketan'i Finy ity. Raha ny fanazavan'i Finy moa dia adidin'ireo mpiara-belona nahazo fampiofanana no mba mampiofana ireo tantsaha namany.

Noresahana ihany koa ny ho amin'ny fampiakarana an'i Finy ho vadin'i Haja. Nanambara moa i Finy izay tohanan'ny rainy fa tsara kokoa aloha ny fianarana no imasoana alohan'ny hirosoana amin'ny raharaha. Ny fidirana mianatra eny amin'ny Université aloha no atao vaindohan-draharaha.

Noresahina ihany koa ny amin'ny fitadiavam-bola hafa toy ny fiompiana trondro izany. Vokatry ny fiofanana narahina avokoa izany rehetra izany. Nanapakevitra teo noho eo moa i Hajasoa fa hividy zana-trondro avy hatrany amin'Iendrin'i Finy izy. Faly noho izany fanapahan-kevitra izany Iendrin'i Finy. Iaban'i Finy kosa dia nanafatrafatra fa na dia eo aza ny fifankatiavana misy amin'i Finy sy i Hajasoa dia ataony ho tanjona ny tsy hiankinan'ny Finy zanany amin-dehilahy fa tsara kokoa izy mba hanana ny fihariany ihany koa.

Scène 2 : Milijhon, Bera, Baosily

Rehefa nohadihadian'i Milijhon i Bera dia fantatra fa trosa no ataon'i Bera ato amin'Iendrin'i Zemany ary dia Iendrin'i Nazeky (ny vadiny) no handoa an'izany vola izany amin'ny manaraka.

Rehefa tonga tany an-trano moa izy dia mbola nifanazava tamin'i Baosily na Iendrin'i Nazeky vadiny fa samy manana ny asany ny lahy sy ny vavy ao an-tokantrano ao, ka tsy tokony hifampiandriandry amin'ny asa aman-draharaha tokony hataony avy. Ambaran'i Baosily anefa fa mila mifanampy ny lahy sy ny vavy amin'ny raharaha an-tokantrano fa tsy tokony hizarazara izany.

EPISODE 3

- **Ny VOAMAMI**
- **Ny fitsinjaran'asa ao an-tokantrano**

Scène 1 : Finy, Iendrin'i Finy, Hajasoa

Nohazavain'i Finy ny amin'ny VOAMAMI izay fikambanana fitahirizana sy fampindramam-bola ho an'ny mpikambana ao aminy. Mbola anterin'i Hajasoa hatrany fa tsy azoazony ity fandraisan'i Finy anjara amin'ity fikambanana fikambanana ity. I Hajasoa dia tsy mitsahatra hatrany ny mampiseho ny harenany sy ny sehosehony miharo fanambaniana ireo rehetra miresaka aminy eo.

Scène 2 : Bera, Baosily

Nohon'ny aretin-kibo mahazo ny zanak'izy ireo dia nohazavain'i Baosily amin'i Bera fa tena mila fanampiana tokoa izy amin'ireo raharaha an-tokantrano. Nanizingizina moa i Bera fa asan'ny vehivay izany fa ny asa tany sy ny asa mafy no tokony ho asan'ny lehilahy. Ny ato an-tokantrano sy ny fitaizana dia anjaran'ny vehivavy hoy hatrany Bera. Ampahatsiahivin'i Baosily an'i Bera hatrany koa anefa fa ilaozany misotro toaka fotsiny rehefa avy miasa an-koraka eny izy. Somary manahirana ihany ity ady hevitra ity satria dia efa somary mamo ihany i Bera eo ampiresahana amin'i Baosily vadiny.

EPISODE 4

- **Fitsinjarana asa ao an-tokantarano**
- **Ny fampanambadiana zanaka aloha loatra**
- **Ny fahasarotram-piaron'i Hajasoa**

Scène 1 : Bera, Baosily

Mitohy hatrany ny fifandirana eo amin'i Baosily sy i Bera satria dia voaporofon'i Baosily fa tena ilaina tokoa ny fifanampiana eo amin'ny lahy sy ny vavy amin'ny raharaha an-tokantrano. Ny zaza marary mila entina any amin'ny mpitsabo. Ny rano tsy misy ato an-trano. Ny zaza iray mila taizaina sy ambenana. Nohararaotin'i Bera nirahina ihany koa aneaf i Baosily vadiny mba handaloa any amin'ny bar- n'Iendrin'i Nazeky mba handoa ny trosan-toakany.

Scène 2 : Finy, Iaban'i Finy

Mifampiresaka i Finy sy Iabany ary tena mifandray tokoa ny tadin-dokangany ny amin'ny tsy tokony hahamaika ny hirosoana amin'ny fanambadiana. Ny fianarana no tokony hatao vaindohan-draharaha. Ny nampanambadiana an'i Baosily mialohan'ny fotoana aza efa nanenenana.

Scène 3 : Bera, Hajasoa

Amin'ny maha mpiara-mianatra fahiny an'i Hajasoa sy i Bera dia tonga nitsidika an'i Bera i Hajasoa. Nanafatrafatra an'i Bera i Hajasoa ny amin'ny tokony hanaraha-maso an'i Finy. Hitsikilo ny fihetsik'i Finy no tena ilàn'i Hajasoa fanampiana. Noho ny hasarotam-piaro avokoa no anton'izany. Nampanantena i Bera fa vitany izany raha omena sandany ara-bola izy. Nanombohana azy rahateo raha ny fitakian'i Bera ny fandehanana ao amin'ny bar- n'Iendrin'i Zemany.

EPISODE 5 :

- **Ny aretim-pivalanana vokatry ny loto amin'ny tsy fisian'ny kaboné sy ny tsy fanasana tanana amin'ny savony**
- **Aretina vokatry ny tsy fanjarian-tsakafo**

Scène 1 : Masera, Baosily

Mitondra ny zanany marary kibo ao amin'i Masera i Baosily. Fantatra tamin'ny fanadihadiana nataon'i Masera fa nohon'ny loto vokatry ny tsy fisian'ny kaboné no antony mahatonga io aretim-pivalanan'io zaza io. Manampy trotraka an'izany ihany koa ny tsy fanasàna tanana amin'ny savony rehefa avy mangery.

Scène 2 : Bakiky, Finy

Tonga mitsidika an'i Bakiky i Finy. Nitolagaga nohon'ny hatsaran-tarehin'i Finy i Bakiky.Nitondran'i Finy santionan'ny kajaha nasiana voanjo (pistache) nokarakarain'Iendrin'i Finy i Bakiky. Marary nify no nahatonga azy ho tratra an-trano irery. Nambaran'i Finy fa harerahana vokatry ny tsy fahampian-tsakafo no tena anton'io areti-nify io. Tsy zarizary ny sakafon'i Bakiky hoy i Finy. Onena ny fiainan'i Bakiky tsy dia misy fiovany loatra i Finy.

EPISODE 6 :

- **Ny aretim-pivalanana vokatry ny loto amin'ny tsy fisian'ny kaboné**
- **Sakafo ara-pahasalamana (kajaha nasiana voanjo ohatra)**

Scène 1 : Masera, Baosily

Anterin'i Masera fa io tsy fisian'ny kaboné io no anisan'ny miteraka ny aretim-pivalanana. Ankoatry ny tsy fanasàna tanana amin'ny savony. Fantatra tamin'izany fa na i Baosily aza dia tratran'ny aretin-kibo ihany koa. Taorian'ny fizaham-pahasalamana tao amin'i Masera dia nanome toky i Baosily fa hanentana ny mpiray tanàna aminy mba hanamboatra kaboné sy hanasa tanana amin'ny savony. Raha tsy misy savony dia azo ampiasaina ny lakevo (lavenona). « Izay tsy manana kaboné sady tsy manasa tanana amin'ny savony dia mihinan-tay ! » hoy i Masera.

Scène 2 : Finy, Bakiky

Nentanin'i Finy i Bakiky mba hanaraka io fampiofanana anaty fikambanana io. Nitondran'i Finy kajaha (mangahazo) nomaniny manokana ihany koa i Bakiky. Kajaha nasiana voanjo (pistache) izy io ary asiana sira mba hiova amin'ny mahazatra ny fandrahoana azy. Nentanin'i Finy ihany koa i Bakiky mba hanaraka fiofanana

mikasika ny fikarakarana sy fanovaovana ny sakafo. Azo atao tsara ny manomana ny sakafo rehetra mba tsy ho tsotra loatra ka hitondra tsiro sy otrikaina hafa.

EPISODE 7 :

- **Ny fisehosehoan'i Hajasoa amin'ny fananany vola : hividy sy hanatitra ilay frigidaire any amin'lendrin'i Finy izy**
- **Ny fifanaraham-piarahamonina rehefa misy antsiva maneno**
- **Ny fisehon'ny tsy fahampian-tsakafo sny ny sakafo tsizarizary.**

Scène 1 : Finy, Hajasoa, laban'i Finy.

Niantso an-téléphone vao maraina an'i Finy i Hajasoa ka nambarany fa ho avy hanatiitra ilay firgidaire izy sady haka an'i Finy. Somary gaga ihany i Finy fa na ny herinaratra aza anie ka tsy misy eo an-tanàna eo. Nampanantena i Hajasoa fa hiditra tsy ho ela eo an-tanàna eo ny herinaratra fa efa misy vina amin'izany izy miaraka amin'ny Ben'ny tanana.

Iendrin'i Finy dia lasa nanatitra vola vidina zana-trondro tamin'i Hajasoa any amin'ny VOAMAMI. laban'i Finy kosa dia nanambara fa hamonjy kabary fa nisy antsiva naneno alina ka raha ny fifanaraham-piaraha-monina dia mila vonjena izay antsiva izay.

Scène 2 : Finy, Baosily, Bera

Nanararaotra ny fotoana malalaka kely kosa i Finy mandra-pahatongan'i Hajasoa ka namangy an'i Baosily mianakavy. Nolazain'i Baosily tamin'i Finy ny amin'ny aretim-pivalanany sy ny an'ny ankizy vokatry ny loto. Notantarain'i Baosily tamin'i Finy ny fihaonany tamin'i Masera omaly. Nohamafisin'i Finy fa io sakafo tsy ara-pahadiovana sy efa simba io dia anisan'ny miteraka aretina. Nomarihin'i Finy moa fa ny fahitany an'ireto ankizy ireto (Nazeky sy Nazia) dia tsy ampy sakafo satria tsy ara-dalàna ny fitombony. I Bera kosa dia faly nibitaka ery fa tonga manatona aty an-tranony i Finy izay lazainy fa volany mandehandeha. Izy mantsy ilay nokaramain'i Hajasoa hanara-maso an'i Finy. Nanongilan-tsofina izy mihaino ny resak'izy mirahavavy.

EPISODE 8 :

- **Sakafo ara-pahasalamana. Sakafo maro loko**
- **Teknikam-pambolena nohatsaraina : voly kajaha vaventy.**

Scène 1 : Finy, Baosily, Bera.

Nambaran'i Finy fa tena tsy ampy kalitao ny sakafon'ireto zaza ireto matoa mena volo sady be kibo. Tsy ara-dalana ny fitombon'ireo zaza ireo. Ny matro (mofo

mangahazo) sy ny kajaha dia iray ihany. Tsara ny fihinana sakafo maro loko. Tsy ny habetsaky ny sakafo no tadiavina fa ny kalitaony na ny hatsarany. Tokony manaraka fiofanana ianao hoy i Finy. Nolazain'i Baosily fa manaraka ihany izy saingy tsy tena maharaka antsakany sy andavany loatra. Nanolo-kevitra i Finy fa hanoro ny fomba fikarakarana sakafo ara-pahasalamana ka hiaraka ho anay an-tsena mba hividy ny zavatra ilaina amin'izany. Voaresak'i Baosily tamin'i Finy ny toetran'i Bera. Ny fisotroan-toaka. Ny trosany any amin'ny lendrin'i Zemany. Notantarain'i Finy ihany koa ny fandalovany tany amin'i Bakiky. Henon'i Bera avy tao ambadika avokoa anefa izany resaka izany ka dia notapahiny. Soloaka moa i Bera ka nanambara fa misy asa iarahany amin'i Bera mialohan'ny handehanan'izy mirahavavy any an-tsena.

Scène 2 : Milijhon, Bakiky

Tonga nitsidika an'i Bakiky teny an-tsaha i Milijhon. Nitondran'i Milijhon kajaha vaventy sady lava i Bakiky. Gaga i Bakiky nahita an'izany ka nolazain'i Milijhon fa azo atao tsara ny mahazo vokatra tsara toy izao raha arahina ny toro lalana ara-teknika amin'ny fanatsarana ny voly. Anisan'izany itony kajaha itony. Sarotra ny fandresen-dahatra an'i Bakiky satria dia nambarany fa tsy atoro azy raha izay fambolena satria efa ela no niainany tamin'io. Nasain'i Milijhon hanatrika fiofanana ihany koa i Bakiky. Nolazainy fa tsy tena tantsaha loatra izy fa mpihira ao amin'ny radio Ravinala. Ny tena marina dia somary manano sarotra izy ny amin'ny hanaraka ity fiofanana ity ka na dia nametrahan'i Milijhon boky mikasika ny teknikam-pambolena aza izy dia nanambara fa hiantso an'i Finy mba hanazava izany aminy. Somary nanaitra an'i Milijhon ihany izay fanamarany farany izay.

EPISODE 9

- **Fanamboarana confiture**
- **Ny amin'ny fandrindram-piterahana**
- **Fitadiavana loharanom-bola fanampiny**

Scène 1 : Finy, Baosily

Natoron'i Finy an'i Baosily ny fanaovana ny confiture. Tsy atao ambanin-javatra ny fahadiovana. Sady manentana an'i Baosily hatrany i Finy ny amin'ny tokony hitadiavana loharanom-bola hafa. Tsara ihany koa raha manao fandrindram-piterahana fa sao tsy ho araky ny vava homana ny sakafo vokarina. Mamerimberina hatrany koa moa i Baosily fa tena sarotra ny fandresena lahatra an'i Bera amin'ny fifanampiana amin'ny raharaha ato an-tokantrano. Nasongadin'i Finy moa fa tsara raha tsy miankin-doha amin'ny lehilahy foana ny vehivavy fa mba manana ny loharanom-bola ho azy manokana. Io fiompiana madinidinika toy ny fiompiana akoho io ohatra dia azo tohizana sy ampiana zavatra hafa ihany koa. Ny fanentanana amin'ny fahadiovana sy ny sakafo ara-pahasalamana dia araraotin'i Finy atsipy hatrany.

Scène 2 : Hajasoa, Bera

Nantsoin'i Hajasoa i Bera satria ni-bipé-n'i Bera izy mba hanambarany fa mifandray tendro i Finy sy i Bakiky. Nambarany moa fa olona tsy dia misy lanjany loatra eo amin'ny fiaraha-monina io Bakiky io. Nilaza ny ho tonga i Hajasoa rahampitso. Nampanantena ihany koa izy fa hanome kisoa an'izany Bakiky izany mba tsy hanadalany an'i Finy. Tsy nohadinoin'i Bera moa ny nitaky ny tambikaramany amin'izany fanomezany vaovao izany. I Hajasoa kosa dia vonona avy hatrany ny hidina eny ambanivohitra ary hampiseho ny fananany ka ilay fiara vaovao mihitsy no entiny any mba ho entina hanindriana an'izany Bakiky izany.

EPISODE 10

- **Fisakanan'i Bera an'i Bakiky mba tsy hihaona amin'i Finy**
- **Ny fisehosehoan'i Hajasoa amin'ny fananany fiara vaovao sy ny nitondrany ny frigidaire**
- **Ny amin'ny Dinan'ny fandriam-pahalemana sy ny fanbeazan ireo tanora.**

Scène 1 : Bakiky, Bera

Nohararaotin'i Bakiky ny fisian'ilay boky nomen'i Hajasoa mba hahafahany mihaona amin'i Finy. Nolazain'Iendrin'i Finy fa lasa nitsidika an'i Baosily eny anefa izy ka nanapakevitra ny hanatona azy eny i Bakiky. Nosakanan'i Bera anefa izany fikasany hihaona amin'i Finy izany ka nitadiavany hevitra mba hamiliany azy tsy hihaona amin'i Finy. Nosintomin'i Bera mihitsy moa izy ny niafarany mba hiaraka hisotrosotro eny amin'Iendrin'i Zemany. Nanaiky tsy sazoka izany ihany i Bakiky nony farany.

Nanampy ny fanakanan'i Bera an'i Bakiky hihaona amin'i Finy rahateo ny fahatongavan'i Hajasoa miaraka amin'ilay fiara vaovao izay tazany avy lavitra. Tonga saina ihany i Bakiky satria dia tsapany fa tena hentitra loatra ny fanakanan'i Bera tsy hihaona amin'i Finy. Nampanantena kosa i Bera fa asainy mandalo any amin'i Bakiky i Finy rehefa lasa io vahiny io.

Scène 2 : Iendrin'i Finy, Hajasoa

Rehefa tonga i Hajasoa dia nolazain'Iendrin'i Finy fa lasa nitsidika an'i Baosily i Finy. Nanapa-kevitra ny hamonjy an'i Finy eny amindry Baosily i Hajasoa. Noteren'Iendrin'i Finy hampidinina aloha ilay frigidaire. Hafaliana tsy omby tratra ny an'Iendrin'i Finy ka nolazainy fa hampidirina ato anaty frigidaire avokoa ny fitafiana rehetra

Scène 3 : Iaban'i Finy, Iendrin'i Finy

Nitatitra ny diany tany amin'ny kabary Iaban'i Finy ka nambarany fa araky ny tapaka tao dia hampiharina ny dina ka ilay mpamaky vala (mpangalatra omby) izay nitsofana antsiva omaly hariva iny dia efa voasambotr'ireo Kalöny, ka efa eo ampelatan'ny Zandary. Zanak'olona eny Maramborana eny ilay tratra. Tokony hamafisina ihany

koa noho izany ny fanabeazana fitaizana ireo tanora eto an-tanàna. Iendrin'i Finy kosa tetsy ankilany dia nanao tatitra ny amin'ny fivoriany tany amin'ny fikambanana VOAMAMI ka nilazany fa saiky ao anatin'io fikambanana io ihany koa no itantaran'ireo mpikambana ny olana misy any amin'ny tokantranony any. Nilaza moa Iaban'i Finy fa zavatra fanaon'ny olona izany rehefa misy namana azo izarana ny olana ka fanararaotra izany fotoana fivoriana izany.

EPISODE 11

- **Nampahafantarin'i Bera an'i Hajasoa i Bakiky**
- **Anatranatra sy fanorotoroan'i Finy an'i Baosily sy Bera ny amin'ny fahaiza-mitantana ny vokatra sy ny vola.**

Scène 1 : Bera, Hajasoa

Rehefa nihaona tamin'i Bera i Hajasoa dia nambaran'i Bera fa iny niaraka taminy teo iny no Bakiky. Olona tsy dia misy dikany loatra izy iny ary tena maivana mihitsy raha eto anivon'ny fiarahamoninana eto an-tanàna eto hoy i Bera niseho nanambanimbany an'i Bakiky. Olona tsy misy atokona ireny hoy hatrany i Bera mantsy an'i Bakiky. Narangarangan'i Hajasoa ho entina hampihorohoroana rahateo ny basy tany aminy ka nolazainy fa tsy « tsy mipoaka ity raha tsy amin'ny olona mandainga ». Nohararaotin'i Bera ihany koa ity fihaonany amin'i Hajasoa ity fa manam-pikasana ny hamafy (hanao fafy : fambandrazana fampakaram-bady) an'i Baosily vadiny izy ka mila vola amin'i Hajasoa mba hanatontosany an'izany.

Scène 2 : Baosily, Finy, Bera, Hajasoa

Nisaotsaotra an'i Finy i Baosily ka nolazainy fa mbola afaka miverina izy amin'ny manaraka ka hampianatra zava-baovao ihany indray koa. Sady manentana hatrany an'i Baosily zokiny izy ny mba hanatrehany ireny fampiofanana ireny fa maro ny tombotsoa sy ny zavatra mety ho hay amin'izy ireny. Nandritr'izany fotoana izany indrindra no tonga i Bera nanambara ny amin'ny fahatongavan'i Hajasoa miaraka amin'ilay fiara vaovao be. Somary gaga ihany i Finy fa tonga hariva be i Hajasoa ka nambarany fa ny fitiavany an'i Finy no nanosika azy ho tonga hariva izao. Nambaran'i Finy ihany koa fa tsy tsara ny ampitahana sy isehosehoana amin'ny fitafy manimanitr'i Hajasoa satria na savony aza ange ka mila tsy ho voavidindry Baosily e ! Nanararaotra nampahafantatra ihany koa i Finy fa ilaina ny fahaizana mitantana izay eo ampelatanana ka tokony mba hanaovana kajikajy foana izay zavatra rehetra ananana. Anisan'izany ny vokatra fambolena sy fiompiana ary ny vola ao an-trano. Misy ny vokatra natao ho hanina sy natao hamidy. Manizingizina hatrany i Bera fa izany fahadiovana ao an-toakantrano izany dia tena andraikitr'i Baosily tanteraka satria izy no vehivavy tokony hiandraikitra izany anjara asa izany. Nahitsin'i Finy anefa izy fa tokony hiara-misalahy amin'ny zavatra toy izany ny lahy sy ny vavy rehefa ao an-tokantrano ao. Nambaran'i Finy fa araky ny henony tamin'i Bakiky dia efa namidin'i Bera ny anjara taniny ka ny tanin'Iaban'i Finy sisa no trandrahiny

amin’izao. Taitra tamin’izany resaka Bakiky izany i Bera ka avy dia nitoroka tamin’i Hajasoa avy hatrany. Tsy dia tian’i Hajasoa hitarina loatra anefa izany resaka izany satria efa somary mibaradaka ihany i Bera ao anatin’ny resaka ifanaovana rehetra ka sao hanala baraka eto, ka hany herin’i Hajasoa nangata-dalana handeha hody miaraka amin’i Finy.

EPISODE 12

- **Hakiviana sy alahelon’i Bakiky nahafantatra fa efa lasan’i Hajasaoa i Finy**
- **Ady gasy iadiana amin’ireo bibikely mpanimba voly**

Scène 1 : Bakiky, Iendrin’i Finy

Nony hitan’i Bakiky fa tsy nandalo i Finy dia nanapa-kevitra izy ny handalo eny an-tranon’Iendrin’i Finy hijery an’i Finy vao maraina. Ilay boky misy fanentanana miakasika ny teknikam-pambolena no nataony ho antony hitadiavany an’i Finy. Akory anefa ny hatairan’i Bakiky raha nampahafantarin’Iendrin’iFiny azy fa lasa niaraka amin’i Hajasoa any Farafangana any izy ary nampahafantariny fa efa iny Hajasoa iny no ho vinantony atsy ho atsy satria dia efa nividy frigidaire ho azy. Natorony an’i Bakiky rahateo izany frigidaire izany. Saika tsy hitan’i bakiky ny tany ho diaviny raha nadre izany rehetra izany izy satria vao mainka nanampy trotraka ihany koa Iendrin’i Finy fa tsaratsara kokoa raha mitady olon-kafa i Bakiky hoy izy hanazava ny amin’io boky fampianarana io fa raha izay Finy dia tsy hanam-potoana amin’izany intsony. Nitamberina tao an-tsain’i Bakiky ny eson-tenin’i Bera hoe aleo ifirana any ity boky ity fa ity mihitsy koa no hitondra aretim-po ho ahy hoy i Bakiky.

Scène 2 : Bakiky, Milijhon

Manampy trotraka ny fahavoazan’i Bakiky ny fahitany an’ireo voliny izay lanin’ny bibikely avokoa.

Tsikaritr’i Milijhon tamin’ny tany ilay boky fampianarana teknika nomeny an’i Bakiky kanefa nariany nohon’ny hakiviany. Notadiavin’i Milijhon teny an-tsaha i Bakiky. Natoron’i Bakiky an’i Milijhon ny fahavoazany amin’ireto voliny izay lanin’ny bibikely. Natoron’i Milijhon an’i Bakiky ny fanaovana ady gasy hiadiana amin’ireo bibikely mpanimba voly. Sakay pilokely sy lavenona no tena anamboarana azy. Nanontanian’i Milijhon ihany koa ny antony nanariany an’ilay boky ka nambaran’i Bakiky fa tsy misy ilàna azy sady tsy azo hanina akory iny boky iny. Ny tena marina anefa dia noho ny hakiviany tamin’ny vavao henony mahakasika an’i Finy avokoa no anton’izany rehetra izany. Hany herin’i Milijhon moa dia nandao an’i Bakiky satria tsikariny fa tsy dia tena mifantoka amin’izay resaka ifanaovana akory i Bakiky.

EPISODE 13

- **Maneho ny hasarotam-piarony amin'i Milijhon sy i Bakiky i Hajasoa.**
- **Fitanisana ireo t eknika fanatsarana ny fambolena.**

Scène 1 : Hajasoa, Finy

Tao ampisakafoana tao anaty restaurant iray tao Farafangana no nilazan'i Hajasoa fa tsy azoazony ity fanarahan'i Finy fiofanana amin'i Milijhon ity. Torak'izany koa moa ity fifandraisan'i Finy akaiky amin'i Bakiky ity. Nanambara mantsy i Finy fa tena anisan'ny mahafinaritra azy ny fampiofanana atolotr'i Milijhon. I bakiky kosa dia nambaran'iFiny fa namany akaiky tokoa ka tsy maintsy mifanerasera aminy matetika izy indrindra moa mba mifanorotoro amin'ny resaka seha-pihariana. Mahatsiaro manana adidy hizara traikefa sy fahaizana amin'ireo mpiara-belona rahateo koa aho hoy i Finy. Ny fianarana ho rantoviny amin'ny université rahateo koa dia hifantoka amin'ny fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra, ka toy ny manao fampiharana avy hatrany izy amin'izao fifandraisany amin'i Milijhon sy i Bakiky izao. Nampitandrina an'i Finy moa i Hajasoa fa raha mbola tiany hitohy tsara ny fiarahantsika hoy izy tamin'i Finy dia atsaharo hatreo ny fifandraisana amin'ireo olona roa ireo.

Scène 2 : Milijhon, Bera, Baosily

Nanao fanahy iniana nijanona nanatsafa an'i Bera mivady mihitsy i Milijhon ka nanao teny fampidirana mba ho fanentanana amin'ny hanarahan'i Bera ireo teknika fanatsarana ny fambolena. Ninia nanampin-tsofina tsy te hihaino izay fanazavana nentin'i Milijhon i Bera ka nolazainy tsy ho vitany avokoa izany teknika naroson'i Milijhon izany. Sady nampombainy teny feno faniratsirana hatrany ny valinteniny. Anisan'ireny ny fanaovana compost, ny fanaovana pépinière ambony latabatra, ny ady atao amin'ny bibikely mpanimba voly, ny fampifandimbiasam-boly, ny fampivadiam-boly. Mba niteny an'i Bera ihany i Baosily vadiny nony efa lasa i Milijhon fa tsy tokony haniratsira olona toy ireny rehefa miresaka fa tokony henoina fotsiny aloha izay teneniny na dia tsy resy lahatra aza.

EPISODE 14

- **Maneho ny hasarotam-piarony amin'i Milijhon i Hajasoa**
- **Mananatra an'i Bera mba hiala amin'ny toaka i Masera**

Scène 1 : Hajasoa, Milijhon

Novonjen'i Hajasoa tany amin'ny biraony tany i Milijhon. Nambaran'i Hajasoa tamin'ny feo feno avona sy fanambaniana fa tokony hatsahatra avy hatrany io fiantsoana an'i Finy hanaraka fiofanana io raha te hilamina amin'ny asanao ianao hoy izy mantsy an'i Milijhon. Tsy i Milijhon irery anefa no nampitandreminy fa na i

Bakiky ihany koa aza. Nanambara moa i Milijhon fa tsy tokony ho izy no ho rarany amin'izany fa i Finy no tokony ho teren'i Hajasoa hijanona tsy hanaraka intsony ny fiofanana mikasika ny teknikam-pamokarana. Niezaka ny niaro tena hatrany moa i Milijhon tamin'ny nilazany fa tsy dia misy idirany loatra izay resa-pitiavana satria efa fanta-poko fanta-pirenena fa efa mifamofo i Hajasoa sy i Finy. Tsy misy idiranay sy i Bakiky izay fiainam-pitiavanareo any hoy i Milijhon ka noho izany tokony hatoky tena ianao hoy izy mantsy an'i Hajasoa. Tamin'avona hatrany moa no nandaozan'i Hajasaoa ny biraon'i Milijhon sady mbola narahiny teny fampitandremana hatrany ny amin'ny tokony hampitsaharan'i Milijhon ny fifandraisana amin'i Finy.

Nanapakevitra ary i Hajasoa taorian'izay fihaonany tamin'i Milijhon izay fa hiakatra amin'ny ambonimbony kokoa izy ka handray fepetra « hampiasa » an'i Bera ho fitaovana.

Scène 2 : Masera, Bera

Tonga nitsabo ny tongony naratra tao amin'i Masera i Bera. Vokatry ny fianjerana nohon'ny hamamoana no nahavoa azy ity hoy i Masera ka tokony mba ho lanjalanjaina ihany ity fisotroan-toaka ity. I Bera koa moa entin'ny toaka nosotroiny dia diso mahasahisahy loatra ka nanjary nanadaladala an'i Masera. Nananatra hatrany moa i Masera ny mba hiovan'i Bera toetra ary raha ilaina aza dia tokony hamonjy fotoam-bavaka ao amin'ny Chapelle mihitsy izy. Tsara kokoa aza angamba raha tonga izay fotoana izay dia miaraka mamonjy io fotoam-bavaka io izy sy i Baosily vadiny. Tokony hatsahatra io toaka io hoy i Masera fa tsy mahasoa. Anisan'ny mandany ny vola ao an-tokantrano ihany koa ny toaka, ka izay indrindra no antony maha kaozatina an'i Baosily vadinao sy mahataraiky ny fampianarana an'i Nazeky zanakao io.

EPISODE 15

- **Nampidiran'i Bera resaka i Bakiky fa tsara raha manambady amin'izay i Bakiky ka izy kokoa no mendrika an'i Finy fa tsy iny Hajasoa iny.**
- **Nasain'i Hajasoa nitady teti-dratsy hamelezana an'i Milijhon i Bera ka ho sandaina vola be izany.**

Scène 1 : Bera, Bakiky

Rehefa avy miramiran'endrika tany amin'i Masera tany i Bera dia tafahaona tamin'i Bakiky. Nitadiavan'i Bera hevitra handrokidrokiana azy i Bakiky mba hividy toaka ho azy. Nambarany fa raha resaka fitiavana dia i Finy no tena mendrika azy. Vola sy harena fotsiny no tena iarahan'i Finy amin'i Hajasoa hoy i Bera ary ilay rafozam-baviny no tena roboka amin'io fanambadian'i Hajasoa sy i Finy io. Tokony tsy hanary toky mihitsy ianao Bakiky hoy hatrany i Bera fa raha ny fahitako an'i Finy dia tena tia anao ihany ko aizy. Nolazain'i Bakiky moa fa ho sarotra izany satria dia tena mifanalavitra tokoa izy sy i Finy na dia samy mpiray tanàna teo ihany aza fahiny. Na

ny vola hanohizan'i Finy ny fianarany azy tsy ho hitako akory hoy hatrany i Bakiky. Velon-tsiky hatrany anefa i Bakiky eo ampandrenesana izany resak'i Baakiky izany na dia hita soritra ao anaty resany ihany aza fa vorona eny an-danitra raha izay Finy ka ho sarotra raha asiana sira avy hatrany.

Scène 2 : Bera, Hajasoa.

Nantsoin'i Milijhon tamin'ny finday i Bera ka nilazany fa tsara raha itadiavana tetika hamelezana azy i Milijhon. Tsy nametraka olana moa i Bera fa ny karama fotsiny no notakiany mba hisihisy kokoa. Raharaha sarotra ity asainao iandraiketako ity hoy i Bera ka mila 6 tapitrisa ariary mihitsy aho mba hahafahako milefa rehefa mahavita ity « opération » asainao ataoko ity hoy hatrany izy tamin'i Hajasoa. Ankoatry ny fanaraha-maso an'i Finy mantsy dia tsy maintsy mitady tetika hamelezana an'i Milijhon aho hoy i Bera. Manaraka eny ihany koa ny tetika hamelezana an'i Bakiky hoy hatrany ny nambarany tamin'i Hajasoa. Nilaza moa i Hajasoa fa 6 hetsy ihany no azony omena fa ho hita eo ny tohiny izay miankina amin'ny fahavitan'ny « asa ». Nampanantena i Hajasoa fa hiantoka ny omby hanaovany fafy an'i Baosily (fomban-drazana fampakaram-bady) izy. Omban'i Bera firarian-tsoa hatrany moa izany resaka ifanaovany amin'i Hajasoa izany ; indrindra moa fa nohon'ny fandrenesany fa mety handeha tampoka any ampitan-dranonomasina i Hajasoa. Vantany vao mifarana ity resako aminao ity hoy i Hajasoa dia halefako ny volanao. Notapahin'i Bera avy hatrany moa ny resaka mba hahafahan'i Hajasoa mandefa ilay vola (!).

EPISODE 16

- **Fitadiavana hevitra mba hampivoatra ny fiainan'i Baosily izay tena mahonena tokoa.**
- **Ireo teknika fanatsarana ny fambolena. Fitsidihana saha sekoly. Pépinière ambony latabatra. Compost.**

Scène 1 : Masera, Finy

Nampanantsoin'i Masera tany amin'ny biraony i Finy. Ho famonjena an'i Baosily no tena votoatiny. Miaina anaty fahantrana tanteraka i Baosily kanefa dia mpirahavavy iray tampo ry zareo. Kaozatina i Baosily ary tena azo lazaina fa dia tena misaringo-borodamba mihitsy. Diso miaina amin'ny fomba nentim-paharazana ka manaraka izany ara-bakiteny loatra i Bera vadin'i Baosily. Manginy fotsiny ity Bera misotro toaka lava ity. Ny zaa tsy mianatra. Tsy dia mifanampy amin'i Baosily vadiny loatra i Bera. Tsy azo toherina ny heviny. Tsy manampy amin'ny fikarakarana tokantrano. Mangoraka an'i Baosily tanteraka i Finy rahavaviny kanefa tsy afa-manoatra fa i Bera no tena masi-mandidy amin'ny fanapahan-kevitra rehetra ao an-tokantrano ao. Tokony misy fanatsarana ny fitantanana ny tokantrano na dia efa somary efa hita taratra iahny aza ny fiovana eo amin'i Baosily. Efa mba manana fahaiza-mitantana kely ihany izy vokatr'io fampiofanana ao amin'ny fikambanana io. Ny fampiasana ny

savony moa dia efa ataony tanteraka tokoa izao. Hita ho mandaitra amin'i Baosily ihany ireo fanentanana natao azy tetsy sy teroa ireo.

Scène 2 : Milijhon, Bakiky

Mba handresena lahatra an'i Bakiky dia nentin'i Milijhon hitsidika saha sekoly ana tantsaha efa mpiara-miasa aminy izy. Akory ny fitolagagan'i Bakiky nahita ity saha sekoly natoron'i Milijhon azy. Mirindra. Milamina. Maniry tsara daholo ny fambolena rehetra. Na ny maso mijery fotsiny aza dia afa-po. Natoron'i Milijhon an'i Bakiky ny fanaovoana pépinière ambony latabatra. Manamboatra latabatra dia asiana tany eo amboniny ka rarahana rano mangotraka zato dégré izany mialohan'ny hamafazana ny voan'anana. Nolazainy ny tombontsoa azo avy aminy. Mamono ny bibikely mpanimba voly ao anaty tany ao ilay rano mangotraka sady miaro amin'ny akoho amam-borona ihany koa ilay pépéinière avo toerana. Natoron'i Milijhon an'i Bakiky ihany koa ny compost. Mila tahom-boly avy nakana vokatra, ny taim-biby izay ompiana ao an-tanàna, ny ravina sy taho potipotehina…ireo rehetra ireo mila tondrahina matetika sy avadibadika haroina isaky ny 15 andro. Ny tombontsoan'ny compost dia satria izy vita eo an-toerana ihany ka mora vidy kokoa miohatra amin'ny zezi-bazaha. Nolazain'i Milijhon ihany koa fa ara-pahasalamana kokoa ny vokatra azo avy amin'ny fampiasana compost sady tsy manimba tany ny fampiasana azy.

EPISODE 17

- **Fitadiavana vahaolna amin'ny fahasahiranana ara-pivelomana ao an-tokantranon'i Baosily nohon'ny toetran'i Bera.**
- **Nanapakevitra ny hampihatra ny fambolena ara-teknika i Bakiky noho ny fahitany ilay saha sekoly**
- **Na dia misy aza ny hasarotam-piaron'i Hajasoa dia tsy hampiova ny fianan'i Finy izany.**

Scène 1 : Masera, Finy

Nambaran'i Masera tamin'i Finy fa mila mitady vahaolana mihitsy izy ireo amin'ny hanavotana an'i Baosily fa tena mikorosy fahana loatra izy eo amin'ny fiainana. I Bera no anisan'ny fototr'io tsy fahombiazan'i Baosily io hoy i Finy. Niara-niaiky moa izy sy i Masera fa maro ny toetra izay tokony hitadiavana fiovana ao amin'i Bera. Eo aloha ity fisotroan-toaka ity. Eo ihany koa io fifikirana be fahatany ara-bakiteny amin'ny fomban-drazana tsy mampivoatra io. Na ny vehivavy rehetra teo an-tanana aza dia efa saiky nilain'i Bera avokoa, ary anisan'ireny i Masera. Nanome toky moa i Finy fa handray ny andraikiny manomboka izao mba hanavotany an'i Baosily rahavaviny. Nilaza i Masera fa vonona ny hanampy azy amin'izany.

Scène 2 : Bakiky, Milijhon

Noho ny fahitan'i Bakiky an'io saha sekoly notsidihiny io dia nanapa-kevitra izy fa hanaraka ny teknika fambolena ampianarin'i Milijhon. Handramako ity fanaovana compost ity hoy izy. Ny tena mibaiko ny saina aman'eritreriny anefa amin'io dia i Finy hatrany satria heveriny fa anisan'ny fomba ho entiny handresena lahatra an'ity olon-tiany ity ny fanatsarany ny famokarany.

Scène 3 : Finy, Milijhon

Sendra tafahaona teny amin'ny toerana fanaovan'i Milijhon fampiofanana i Finy sy i Milijhon ka nambaran'i Finy fa tena ankasitrahany tokoa raha mba misy hevitra entina hanatsarana ny fiainan'i Baosily avy aminy. Ny tokony hifotorana amin'izany hoy izy dia tsara raha ny fanatsarana io seha-pamokarana io hatrany. Ny tena mampanano sarotra azy io hoy i Milijhon dia ilay toe-tsain'ny lehilahy aty amin'ny faritra Atsimo Atsinanana aty izay tsy manaiky ho resy lahatra manoloana ny vehivavy io hatrany, rehefa misy fifandresen-dahatra na tolotra fampiofanana aroso. Tsara kokoa noho izany raha tsy eo anatrehan'i Baosily ny fandresena lahatra an'i Bera. Niangavy ny hiaraka amin'i Milijhon amin'ny moto-ny ihany koa moa i Finy raha toa ka hiakatra eny Farafangana eny izy. Tsy nandà izany i Milijhon saingy kosa nanahy ihany ny amin'ny hasarotam-piaron'i Hajasoa ka sao hampisy olana eo aminareo mivady ny fitondrako anao amin'ny moto hoy i Milijhon. Nanizingizina moa i Finy fa tsy misy tokony hahiana izany sady i Hajasoa rahateo dia tsy mbola vady fa fofom-bady ka tsy izay hasarotam-piarony akory no hampiova ny fiainako.

EPISODE 18

- **Miseho lany etsy sy eroa ny hasarotam-piaron'i Hajasoa amin'i Hajasoa sy amin'i Bakiky.**
- **Tsy hahasakana ny fifandraisan'i Finy amin'ny mpiara-belona aminy toa andry Bakiky sy ry Miljhon ny hasarotam-piaron'i Hajasoa.**

Scène 1 : Milijhon, Finy

Nanantitrantitra tamin'i Milijhon i Finy fa tsy tokony hampiova ny fifandraisany amin'olona mihitsy raha izay hasarotram-piaron'i Hajasoa. Nisaotsaotra azy noho izany moa i Milijhon ary indrindra koa nohamafisiny fa tena manampy be azy amin'ny fanapariahana ny fanofanana ireo tantsaha i Finy ka tena manamora ny asany. Raikitra ihany izany fa hiaraka moto amin'i Milijhon i Finy hiakatra eny Farafangana.

Scène 2 : Bakiky, Finy

Tonga namangy an'i Bakiky teny an-tsaha i Finy. Nolazain'i Bakiky ihany koa fa manahirana azy ny fifandraisany amin'i Finy noho ny hasarotam-piaron'i Hajasoa fofombadiny. Sady atahorako iny Hajasoa iny hoy i Bakiky satria manam-

basy ! Gaga noho izany i Finy. Nambaran'i Finy fa tsy afaka misaraka amin'ny tantsaha sy ny tontolo ambanivohitra ny fiainany ka na ny fianarana hataony aza dia mikasika an'izany ihany koa. Mpamboly aho hoy i Finy ary fambolena no niatombohako ka fambolena ihany koa no hiafarako. Velom-panontaniana an'i Finy moa ny niafaran'i Bakiky hoe « lehilahy toa inona no mba tianao ho vadinao ? ». Namaly i Finy fa lehilahy azony ifampiresahana tsara ka mahafantatra ny vina izay tiany hahatongavana dia ny fampandrosoana ny totnolo ambanivohitra izany. Teo ampandrenesana izany dia nientana iray ihany ny fon'i Bakiky satria dia misy tsirim-panantenana izy ny amin'ny mety hahatafara-dalana azy amin'i Finy. I Finy anefa tsy nihevitra izany akory fa nandray an'i Bakiky ho toy ny namany na anadahiny mihitsy aza moa. Tsy hampiova velively ny fifandraisako amin'ny mpiara-belona amiko izay hasarotam-piaron'i Hajasaoa hoy i Finy. Anisan'ireny ianao sy i Milijhon hoy hatrany i finy nanampy. Nirary soa sy nitsodrano an'i Finy ho tafita amin'ny fianarana kasainy hatao moa i Bakiky nony farany. I Finy kosa nangata-dalana handeha fa efa nifanao fotoana tamin'i Milijhon izy fa hiaraka moto aminy.

EPISODE 19

- **Nisy nangalatra ny moto- n'i Milijhon ka i Bakiky no notondroin'i Bera ho nahavanona izany halatra izany.**
- **Ny lanjan'ny kabary eo amin'ny fiaraha-monina**
- **Nisy nangalatra ihany koa ny voly kajahan'i Bakiky**

Scène 1 : Bera, Milijhon

Sendra nifanena i Milijhon sy i Bera. Avy nampandre ny lehiben'ny fokontany i Milijhon fa nisy nangalatra ny moto-ny. Mbola handeha hametraka fitarainana sy fanambaram-pahaverezana any amin'ny Zandary ihany koa izy izao nifanena tamin'i Bera izao. Taitra i Bera raha nandre izany ary tsy nihambahamba koa no nilazany tamin'i Milijhon fa azony antoka ny fahafantarany ilay olona nahavanona izany halatra moto izany ka nolazainy fa tsy iza izany fa i Bakiky ! Sarotra ny ninoan'i Milijhon an'izany fanendrikendrehan'i Bera an'i Bakiky izany raha tsy nohazavain'i Bera taminy fa mila vola mafy mihitsy i Bakiky ankehitriny. Ny fitiavany an'i Finy no antony nahatonga an'izany hoy i Bera. Fantatr'i Bakiky tsara hoy i Bera fa mifamofo i Finy sy i Hajasoa ka mitady vola mafy i Bakiky mba handangolangoana an'i Finy satria tsy tiany ho fantatr'i Finy ny maha olona sahirana azy.

Scène 2 : Finy, Milijhon

Nantsoin'i Finy tamin'ny finday i Milijhon satria diso ela loatra ny niandrasany azy teo amin'ilay toerana nifanaovany fotoana. Nambaran'i Milijhon fa nisy nangalatra ny moto-ny. Taitra sady gaga noho izany toe-javatra izany i Finy. Tsy ho tafody androany ihany eny Farafangana indray izany izy. Tsy hitany ihany koa izay mba hanampiana an'i Milijhon. Nanambara moa i Milijhon fa aza manahy ny amin'izany fa tsy maintsy hampidirina kabary izay resaka halatra moto izany ka tsy maintsy hipoitra

eo ihany ny marina. Mbola maro mantsy ny mankato sy manaja ity fanaovana kabary ity. Nolazain'i Milijhon ihany koa fa misy namany afaka mitondra an'i Finy amin'ny moto ihany koa efa nantsoiny ka afaka mitondra an'i Finy io namany io.

Scène 3 : Bakiky

Miramirana endrika i Bakiky hamonjy ny tanimboliny. Hatairana anefa ny azy rehefa tonga teny amin'ny saha famboleny fa nisy nangalatra ny kajahany. Noheveriny fa lambo no nitrongy izany tamin'ny voalohany. Tsy maintsy hanao fitarainana any amin'ny fokontany ihany koa izy. Na izany aza tsy nohadinoiny ny nitsidika ireo seha-pamboleny hafa sao nisy olana ihany koa mialohan'ny nialany tany an-tsaha.

EPISODE 20

- **Ny lanjan'ny kabary, izay nahavoaheloka an'i Bakiky eo anivon'ny fiaraha-monina**
- **Ireo fepetra napetrak'i Hajasoa mba hahafahany manefa ilay dina 2 tapitirsa ariary tokony haloan'i Bakiky.**

Scène 1 : Bakiky

Mialohan'ny handehanany any amin'ny Filohan'ny fokontany dia notsidihin'i Bakiky ny famboleny ka hitany fa tena nahomby tokoa ny torohevitra ny amin'ny ady amin'ny bibikely mpanimba voly. Nandaitra ireo ady gasy ary maniry tsara avokoa ireo voa nafafy sy ireo fambolena hafa.

Scène 2 : Iaban'i Finy, Finy

Nantsoin'i Iaban'i Finy tamin'ny finday i Finy mahakasika ny fahaverezan'ny moto-n'i Milijhon. Tsy maintsy nampidirina kabary mantsy io halatra moto io. Nolazain'Iaban'i Finy fa i Bakiky no voaheloka tamin'ilay kabary. Mila mandoa dina 2 tapitrisa ariary i Bakiky raha tsy izany dia halefa any amin'ny Zandary ity resaka ity ka higadra izy. Vaka ny sain'i Finy raha nandre izany. Sarotra ny hinoako fa ho vitan'i Bakiky izany halatra moto izany hoy i Finy. Inona no vahaolana ? Nanolotra hevitra moa Iaban'i Finy fa tsara kokoa raha midina ety an-tanana ianao hoy izy mantsy an'i Finy satria samy namanao avokoa na i Bakiky voaendrikendrika ho nangalatra na i Milijhon izay very moto. Aty an-tanàna ihany mantsy no mety hahitana vahaolana mikasika ity trangana halatra moto ity.

Scène 3 : Finy, Hajasoa.

Naborak'i Finy amin'i Hajasoa ny olana diaviny ankehitriny. Nanambara i Hajasoa fa vonona ny hihaino izay olana izay izy ary vonona ny hamaha izanyAmpisalasalana tanteraka no nilazan'i Finy amin'i Hajasoa fa voarohirohy amina halatra moto- n'i

Milijhon i Bakiky. Taitra ihany i Hajasoa tamin'ny voalohany saingy nametraka fepetra izay tena mafy tokoa tamin'i Finy izy mba hanaiky ny hamonjy an'i Bakiky. Nanaiky handoa ilay dina 2 tapitrisa ariary i Hajasoa. Ny fepetra kosa dia ireto avy : miala amin'ny fikambanana i finy ary tapahina miaraka amin'izay koa ny fifandraisany amin'i Bakiky sy i Milijhon. Ankoatr'izay dia tsy maintsy ho tanterahina ihany koa ny fiboahana (fampakaram-bady) mialohan'ny handehanan'i Hajasoa any an-dafy. Rehefa nisalasala teo i Finy dia nanaiky tsy sazoka izany fepetra izany mba hamonjeny an'i Bakiky ka tsy hiakaran'ny raharaha halatra moto izay mety hampigadra an'i Bakiky.

EPISODE 21

- **Manambara amin'ireo ray amndreny ny fikasany hiroso amin'ny fanambadiana i Hajasoa sy i Finy.**
- **Nolazain'i Bera tamin'i Hajasoa fa izy no nagalatra ilay moton'i Milijhon.**
- **Ireo fomba amam-panao amin'ny fiboahana.**

Scène 1 : Hajasoa, Finy, Iaban'i Finy, Iendrin'i Finy.

Tonga nitsidika ireo ray amandrenin'i Finy i Hajasoa sy i Finy. Somebiseby ery Iendrin'i Finy nandray ity ho vinantony. Vaovao mahafaly tokoa no nambaran'i Hajasoa satria dia nanapa-kevitra izy roa kely fa hiroso amin'ny fiboahana (fampakaram-bady). Tonga hidinika sy hanadihady izay fomba amam-panao tokony harahina sy ny fanapahana ny fotoana no tena anton-dian'izy roa kely amin'izao fitsidihany izao. Hafaliana tsy omby tratra ny an'Iendrin'i Finy raha nandre izany satria dia ela ny niandrasany an'izay fanapahan-kevitra izay. Tsy maintsy irosoana ity fiboahana ity hoy i Finy satria dia voatery ho any an-dafy i Hajasoa handamina ihany koa ny orinasandry zareo izay tantanin'ireo ray amandreniny any. Mety haharitraritra anefa izay fandehanany any an-dafy izay.Nibitaka aok'izany moa Iendrin'i Finy raha nandre fa i Finy no hitantana ny fananana sy ny fizotran'ny orinasa rehetra eto an-tanindrazana. Omban'ny fieboeboan'i Hajasoa hatrany moa izany resaka rehetra izany.

Scène 2 : Bera, Hajasoa

Tonga nitsidika an'i Bera i Hajasoa. Hanambara ny amin'ny fiboahana kasain'izy sy i Finy hatao no tena anton-dian'i Hajasoa, kanefa dia akory ny hatairany raha nilazan'i Bera i Hajasoa fa izy no nangalatra ilay moto- n'i Milijhon. Nasehony an'i Hajasoa mihitsy aza moa ny toerana nanafenany an'ilay moto. Nieboebo fatratra ery moa i Bera fa tontosany ny asany ary io fanakorontanany ny fiaraha-monina io no anisan'ny nahatonga izao fanapahan-kevitr'i Hajasoa sy i Finy hiroso amin'ny fiboahana izao. Tsy nohadinoin'i Bera mazava ho azy ny nitaky ny tamibin'izany rehetra izany satria dia efa masaka ao an-tsarainy ihany koa ny handao ity tanàna misy azy ity alohan'ny hipoahan'ity resaka halatra moto ity. Mialohan'izay anefa dia tiany ihany koa raha miroso amin'ny fafy hataony amin'i Baosily ihany koa izy.

Nanome toky i Hajasoa fa ho tanterahiny avokoa izay nampanantenainy an'i Bera ka vonona izy hiantoka ny fafy sy ny fitsoahan'i Bera rehefa vita ny fiboahana kasain'i Hajasoa sy Finy hatao.

Scène 3 : Finy, laban'i Finy, lendrin'i Finy

Manontany an-drainy ny amin'ny fomba atao amin'ny fiboahana i Finy

Toaka gasy 3 tavoahangy. Vola 3 arivo na 3 alina ariary. Valopin'ny mpamafy rano, anakavy amindreny, analahy amindray, totahitain'lendriny…fa miovaova arakaraky ny toetrandro ihany koa anefa izy io. Na izany aza dia mbola mamaly ihany koa ny ray amandrenin'i Finy. Ankoatry ny fandraisana anjaran'ny tragnobe. Afaka mitondra zavatra hafa ankoatr'ireo voalaza ireo anefa. Ny andro dia zomà.

EPISODE 22

- **Nanapakevitra fa hamafy an'i Baosily i Bera. Hatao andro iray amin'ny fiboahan'i Finy izany. Afaka manambady azy mirahavavy i Bera rehefa vita ny fafy.**
- **Nanambara ny fanapahan-keviny handeha hivarotra omby tamin'i Baosily sy tamin'laban'i Baosily i Bera**
- **Tanteraka ny fafin'i Baosily sy ny fiboahan'i Finy**

Scène 1 : Bera, Baosily

Nokaikerin'i nenina i Bera rehefa avy nanambara ny hevitra maizina nokotrehiny hamelezana an'ireo tsy mana-tsiny tamin'i Hajasoa. Tongotra mby an-dakana anefa izy ity ka tsy afaka miverina intsony.

Namaky resaka tamin'i Baosily vadiny izy. Hamafy anao aho hoy i Bera mantsy an'i Baosily. Efa vonona ny ho enti-manana amin'izany. Izay vao tena ho zanako i Nazeky sy Nazia. Hatairana nifangaro hafaliana ny an'i Baosily nandre izany. Izay vao tena vadiko ianao hoy i Bera. Nambaran'i Baosily an'i Bera koa anefa fa mitoe-jaza indray izy. Azoko vadiana ihany koa izany i Finy rehefa tena vita fafy ianao hoy i Bera indrindra moa fa amin'ny fotoana iterahanao. Izany mantsy no fomba. Nofinofy izany hoy i Baosily. Hampiarahina ny fiboahan'i Finy sy ny fafin'i Baosily hoy Bera. Hatao maraina ny fafy ary ny atoandro kosa ny fiboahana.

Nolazain'i Bera ihany koa fa tsy maintsy handeha izy. Hanao varotra omby. Misy ny vola hoy i Bera fa aza manahy. Tokony haloa ihany koa ny trosan'i lendrin'i Zemany hoy i Baosily raha misy ihany vola.

Scène 2 : Bera, laban'i Finy

Tanteraka ny fafin'i Baosily. Nisaotsaotra an'i Bera laban'i Baosily. Nanararaotra izany hafalian'ity rafozany ity izany i Bera ka nambarany fa manam-pikasàna ny

handao ity asa fambolena ity izy ka handeha hivarotra omby indray. Any Ihosy no halehany. Mba hahafahany mihetsika anefa dia mikasa ny hivarotra ny ampahan-tanin'ireto rafozany izay ampiasainy i Bera. Rehefa nanaovan'i Bera resaka tsara lahatra teo moa Iaban'i Baosily dia nanaiky ny hivarotra izany tany izany. Nanome toky i Bera fa haveriny ihany izany tany izany rehefa tafavoaka avy any amin'ny varotra omby izay hataony izy. Mikasa ny hivarotra antsokosoko ny pneu –n'ilay moto halatra any Farafangana ihany koa i Bera ka nibitaka aok'izany izy fa afaka mandeha midify tsy ho hita intsony aloha rehefa mody mikisaka kely etsy Farafangana etsy.

Scène 3 : Iendrin'i Baosily, Finy, Baosily

Fiboahan'i Finy. Tsy maintsy asesy ianao ry Finy hoy Iendriny. Na dia tsy narisika loatra amin'ity fomba ity aza moa i Finy dia tsy maintsy natao ihany. Nantsoin'Iendriny mihitsy i Baosily mba ho entiny mandresy lahatra an'i Finy. Nolazain'Iendrin'i Finy fa tokony ho entina mivoaka daholo ny entana tsaratsara rehetra ato an-trano mba ho hitan'ny olona. Anisan'ireny ny frigidaire izany tokony ho lolohavina mihitsy aza. Hehy malakolako no nasetrin'i Finy sy Baosily an'izany satria dia tsy ho zaka lolohavina mihitsy izany frigidaire izany.

EPISODE 23

- **Alahelo arahin-dranomaso ny an'i Finy rehefa tonga niarahaba azy i Bakiky.**
- **Tsikaritr'Iendrin'i Finy fa misy zavatra afenina anaty gony i Bera rehefa nifanena teny amoron-drano.**
- **Alahelo arahin-dranomaso ny an'i Finy rehefa nandao ireo ray amandreniny.**

Scène 1 : Bakiky, Finy

Niarahaba an'i Finy nohon'ny fahavitan'ny raharaham-panambadiany i Bakiky. Tao anaty alahelo sy ranomaso no nandraisan'i Finy izany fiarahabana izany. Ny antony dia satria noho ilay voady nataony tamin'i Hajasoa ny amin'ny tokony hanapahany ny fifandraisany amin'i Bakiky sy ny fialany tsy ho ao anaty fikambanana intsony. Tsy afaka ny hifanerasera aminareo intsony aho hoy i Finy. Nolazain'i Bakiky moa fa tsy tokony halahelo izy fa efa vadin'i Hajasoa izay tena mpanakarena tokoa. Tsy nitsahatra ny nirotsaka ny ranomason'i Finy mandra-pisarak'izy roa ary saiky tsy navelany handeha mihitsy aza moa i Bakiky.

Scène 2 : Bera, Iendrin'i Finy

Maraina ny andro. Nikasa ny hitondra ilay pneu –n'ny moto antsokosoko i Bera. Nifanehatra tamin'Iendrin'i Finy teny amoron-drano anefa i Bera. Tsikaritr'Iendrin'i Finy fa misy zavatra afenin'i Bera ao anaty gony. Nambaran'i Bera fa lohan'ilay omby novonoina nandritra ny fafy omaly ity entiny ity. Nony efa lasa kelikely i Bera dia

tsikaritr'Iendrin'i Finy fa nisy vy boribory kely latsaka avy tao anatin'ilay gony nentin'i Bera. Nentin'Iendrin'i Finy nody izany vy izany ka nasehony an'Iaban'i Finy. Notahirizindry zareo tsara ilay vy boribory na dia tsy fantatra mazava hoe inona.

Scène 3 : Finy, Iaban'i Finy, Iendrin'i Finy

Ranomaso no nandaozan'i Finy ireo ray amandreniny. Ranomason'hafaliana izany hoy i Finy niezaka nanafina izay tena fihetsehampony. Hafaliana izany manambady izany hoy Iendrin'i Finy ka tsy tokony hisy ranomaso. Indrindra moa ka olona manankarena be toa an'i Hajasoa no vady. Nanafatrafatra Iaban'i finy fa rehefa milamindamina ny tokantranonareo any Farafangana ka rehefa lasa any an-dafy ny vadinao dia mba tongava ety an-tanana fa misy dinika mbola tokony hatao.

EPISODE 24

- **Ampahatsiahivin'i Hajasoa an'i Finy ireo fepetra nifanarahandry zareo**
- **Hita tao anaty valan'ombin'i Bera ilay moto halatra. Niseho ny marina rehetra.**

Scène 1 : Hajasoa, Finy

Tonga ao an-tokantranony i Hajasoa sy i Finy. Novisavisaina ny fety natao omaly. Napetrapetraka ihany koa ny ho avy. Noantitranterin'i Hajasoa ny fifanarahan'izy roa mialohan'izao fotoana izao. Tsy maintsy atsahatra ny fifandraisana amin'i Bakiky ary ialana ihany koa io faikambanana any ambanivohitra any io. Aleo ny orinasa no imasoanao hoy i Hajasoa. Raha sanatria ka maheno ny mifanohitra amin'izany aho hoy i Hajasoa any an-dafy any dia migadra avy hatrany i Bakiky. Tadidio izay hoy hatrany i Hajasoa nampitandrina an'i Finy. Narosony mihitsy aza hoe aleo asiana zaza iray alohan'ny handehanako hoy i Hajasoa. Tena nandà mafy an'izany anefa i Finy satria aleo mba hiandry vita mariazy (any ampiangonana) kosa izay vao tokony hiteraka izany satria tsy laitrako hoy i Finy ny hataon'ny olona tondro-molotra toa ny manjö an'i Baosily io. Soa ihany moa fa tsy tena nisisika tamin'io hevitra io loatra i Hajasoa ka nanaiky izany hevitr'i Finy izany.

Scène 2 : Iaban'i Baosily, Iendrin'i Baosily, Baosily, Finy.

Tonga nitsidika ireo ray amandreniny i Finy araky ny fiantsoana nataon'Iabany. Novoriany tao an-trano tao avokoa izy roa vavy zanany dia i Baosily sy i Finy izany. Ny mahakasika ilay vy boribory latsaka avy tao anaty gony nentin'i Bera no votoatin-dresaka. Rehefa nanontaniako olona hoy i Iaban'i Baosily io vy io dia fantatra fa tamin'ilay moto- n'i Milijhon ilay very izy io. Somary mahatsikaritra zavatra hafahafa izany mantsy aho hoy i Baosily isaky ny manatona io valan'omby io i Bera satria toa mahimahin-dava izay izy. Nanapa-kevitra izy efa-mianaka fa hisava ilay valan'omby. Akory ny hatairandry zareo fa indro tokoa ilay moto nasitrika tao anaty bozaka. Efa

tsy eo ny pneu iray. Rehefa natao ny fanohizan-dresaka dia fantatra fa ilay pneu iny nentin'i Bera tao anaty gony indray maraina tary amoron-drano tary iny.

Alahelo tsy hita noanoa ny an'izy efa-mianaka narahin-dranomason'izy roa vavy. Teo vao nipoitra avokoa ny alahelo sy ny fijaliana nentin'i Baosily nandritra ny fotoana niarahany tamin'i Bera, kanefa dia mbola hiampy iray indray ny zaza izao. Notantarain'i Finy ihany koa fa noho ity moto very ity no nahavoarohirohy an'i Bakiky ka nahatonga ny tery vay manta amin'ny fepetra napetrak'i Hajasoa ka niafara tamin'izao fanambadian'izy roa izao. Tapaka ny hevitra fa hantsoina i Milijhon.

EPISODE 25

- **Nambaran'i Milijhon an'i Bakiky fa hita ilay moto very ka i Bera no atidoha nikotrika izany.**
- **Aretina mahafaty ny tazomoka izay mahavoa an'laban'i Finy ka tsy tokony hatao kinanga.**

Scène 1 : Bakiky, Milijhon

Taitra sady raiki-tahotra i Bakiky fa indro tonga hitsidika azy ao an-tranony i Milijhon. Akory anefa ny hagagana sy ny hatairan'i Bakiky raha nandre tamin'i Milijhon izy fa hita ilay moto. Ary ry laban'i Finy mianakavy no nahafahana nahita izany moto very izany. Mbola niampy hatrany koa ny hatairan'i Bakiky raha nilazan'i Milijhon izy fa i Bera no tena atidoha nikotrika izany halatra izany. Ranomason'hafaliana moa no nandraisan'i Bakiky an'izany vaovao izany. Nomban'alahelo ihany anefa satria dia tsy maintsy mbola handoa ilay dina 2 tapitrisa ariary ihany koa anefa izy satria efa izay no vokatr'ilay kabary. Akory ihany indray koa anefa ny hatairany sy ny hafaliany raha nilazan'i Miljhon izy fa efa naloan'i Finy tany amin'hy lehiben'ny dina ilay vola vono dina. Teo izy dia lasam-borona ary resy lahatra fa tena manam-pitiavana miafina azy mihitsy i Finy. Tara loatra anefa hoy i Bakiky anakampo satria efa vadin'olona i Finy ankehitriny. Nambaran'i Milijhon tamin'i Bakiky fa i Bera no nangalatra ilay moto ka izy mihitsy no nanendrikendrika an'i Bakiky ho nangalatra ilay moto. Nanapakevitra ny hanohy hamaky ilay boky mikasika ny fambolena i Bakiky taorian'izany rehetra izany.

Scène 2 : Iendrin'i Finy, Iendrin'i Finy, Finy

Nampanantsoin'Iabany i Finy satria nanao tsy dia salamalama tsara izay izy. Tazomoka no mahavoa an'Iaban'i Finy. Tsara kokoa hoy i Masera ny miakatra eny Farafangana eny avy hatrany satria tena aretina ratsy ity tazomoka ity.Tapaka ny hevitra fa tsy maintsy entina miakatra eny Farafangana eny rahampitso vao maraina Iaban'i Finy. Hiaraka ho any izy telo mianaka. Tsy tokony hatao kinanga ny fitsaboana ny tazomoka fa tena aretina mahafaty izy io hoy i Finy. Indrindra ho an'ny olona marefo. Tokony ho tandrovina hatrany koa ny fahadiovana hoy i Finy mba tsy hisian'ny lobolobo sy rano mihandrona ka mety hanangona moka. Nampitandrina

ihany koa i Finy fa mampigadra ny fampiasana ny lay misy ody moka izay zarain'ny fanjakana maimaimpoana, raha ampiasaina amin'ny zavatra hafa. Nanizingizina moa Iendrin'i Finy fa ry Momo izay mpiara-mipetraka aminy ao no tena mampiasa an'io lay misy ody moka io hanaovany harato hakana trondro na hatao fefin'ny legioma sy anana ambolena.

EPISODE 26

- **Nantitranterin'Iendrin'i Finy tamin' laban'i Finy fa tsara raha tohizana hatrany ny fitsaboana ny tazo na dia efa mahatsiaro ho efa sitrana aza izy.**
- **Mibitabitaka izay tsy izy ery Iendrin'i Finy amin'ireto zava-maro tsy fahitany firy ato an-tokantranon'i Hajasoa sy i Finy, ka zara fa mamaly ny fanontanian'i Baosily an-telephone mahakasika ny fahasalaman'labany**.

Scène 1 : laban'i Finy, Iendrin'i Finy

Nantitranterin'Iendrin'i Finy hatrany ny mahazava-dehibe ny fanohizana ny fitsaboan-tena na dia efa afa-doza tamin'ny aretina tazomoka aza laban'i Finy. Nohamafisin'Iendrin'i Finy fa soa ihany ry zareo namonjy tobim-pitsaboana fa tsy tsara ny manao dokotera tena. Ankoatr'izany moa dia misomebiseby fatratra ery Iendrin'i Finy amin'ireto zava-mahasondriana azy rehetra ato an-tranon'i Hajasoa vadin'i Finy aty an-tanandehibe aty. Teo indrindra no nanehoan'Iaban'i Finy ny ahiahiny ny ami'nny ho tohin'ny fianaran'i Finy satria raha izay tokantrano dia tsy tokony mbola hanohintohina io fianarana io hoy ihany izy. I Finy rahateo moa dia efa raikitra lava sahady amin'ny fanaraha-maso ny orinasan'i Hajasoa ka voatery miala maraina ao « an-tokantranony ». Iendrin'i Finy kosa tsy mitovy hevitra ain'izany fa satriny tokoa raha mba miteraka aza aloha ry zareo hanamafisany ny tokantranony. Hevitra izay tsy mbola ho tanteraka ato ho ato izany satria na i Hajasoa aza moa ka tsy eto an-toerana fa lasa any ampita. Averin'laban'i Finy foana anefa fa ny fianarana no tena lova tsara indrindra.

Scène 2 : Baosily, Iendrin'i Finy, laban'i Finy.

Ankoatran'ny fikarakarana ny ankizy ao an-trano dia miasa loha amin'ny tsy fahasalaman-drainy ihany koa i Baosily taorian'ny niakarandry zareo tany Farafangana omaly iny ; hany ka dia ni-bip an-dreniny tamin'ny téléphone izy. Iendrin'i Finy kosa anefa dia mampiseho fa tsy rototra amin'izany bip ataon-janany izany. Naharitra ela taty aoriana vao hitan'Iendrin'i Finy ilay antso tsy voaray teo kanefa dia mbola asehony hatrany fa tsy rototra ny hiantso an'i Baosily mihitsy izy. Iaban'i Finy kosa anefa dia mandodona mafy fa sao mba misy antony manokana mahatonga an'i Baosily hiantso ary ampahatsiahiviny an'Iendri'i Finy rahateo fa zanany ihany koa i Baosily ka tsy tokony hataony ankilabao. Iendrin'i Finy moa dia sondriana izay tsy izy mihitsy amin'izato figalabonanay ato an-tranon'i Hajasoa sy i Finy.

EPISODE 27

- **Nivoadivoay mihitsy i Baosily fa tsy avelany hikasikasika ny zanany i Bera. Nambaran'labany taminy fa efa sitrana izy ka te hihaona sy hiresaka aminy rehefa mody any an-tanàna.**
- **Manafatrafatra tsara ny amin'ny ho tohin'ny fiainan'i Finy labany kanefa tsy dia mahafapo an'lendriny loatra izany satria dia efa mihevi-tena ho tompon'ny fananan'i Hajasoa sahady izy**.

Scene 1 : Baosily, lendrin'i Finy, laban'i Finy

Nivoadivoady i Baosily fa tsy avelany hikitikitika ny zanany intsony i Bera raha miverina. Sarotra ny mamono olona fa raha ny sitrapoko hoy izy dia nesoriko any ity zaza ity.

Nony elaela taorian'ilay bip nataony moa dia niantso an'i Baosily ihany ny reniny. Ny fitatantaran'lendrin'i Finy ny hasambarany mipetraka ato amin'ny tranon'i Hajasoa sy i Finy hatrany anefa no asesiny. Rehefa nitalaho mafy ny hiresaka amin-drainy i Baosily dia navelan'lendriny ihany nony ela ny ela.

Tafaresaka tamin'labany ihany i Baosily ka nambaran'i labany fa efa sitrana soa aman-tsara izy. Nolazain'i labany koa fa te hihaona sy hiresaka amin'i Baosily izy ary efa dodona ny hody na dia tsy mazoto amin'izany aza loatra aza ny reniny.

Scene 2 : Finy, lendrin'i Finy, laban'i Finy

Tonga avy niasa i Finy ary niantso ny rehetra mba hisakafo atoandro. Mibitaka foana lendrin'i Finy ary hita miharihary amin'ny fihetsiny fa tsy te hody mihitsy izy fa satriny aza hijanona aty Farafangana foana.

Eo ampisakafoana no manontany ny amin'i Hajasoa lendrin'i Finy. Nolazain'i Finy moa fa tsy dia mifampiantso matetika loatra ry zareo satria samy revo amin'ny andraikiny avy ny roa tonta. Manontany tsara ny tena fandaharam-potoan'i Finy sy ny zotram-piainany kosa laban'i Finy satria dia nohamafisiny hatrany fa tsy tokony hatao ankilabao ny fianarana na dia eo aza ny fotoana be lany amin'ny fanaraha-maso ity orinasan'i Hajasoa ity. Nanamafy izany rahateo moa i Finy satria dia nambarany ampahibemaso teo fa tsy dia azoazony loatra izao fari-piainana iainany izao izay tsy dia mifanaraka amin'ny tena zava-misy loatra. Nolazain'i Finy mantsy fa tsy mbola mahatsapa tena ho tompon'izao rehetra hita maso izao izy fa tsara kokoa raha mba mihary ho an'ny tena manokana hoy izy fa tsy tokony hamantam-bonona ny an'olona toy izao fotsiny. lendriny kosa dia tsy tena iray saina amin'izy mianaka satria dia efa mahatsiaro tena ho tompony sahady izy amin'ireto « fananam-be » igalabonany ireto.

EPISODE 28

Niresaka nitokana i Finy sy labany mahakasika ny ho tohin'ny fianan'i Finy. Nambaran'i Finy tamin'izany fa tsy dia milamin-tsaina loatra izy amin'izao zava-misy iainany izao satria dia mbola tsapany fa tsy tompon'ireto fananan'i Hajasoa ireto izy. Mitovy tadin-dokanga amin'labany rahateo izy ny amin'izany. Tsara kokoa raha mbola mimaso

amin’ny fianarana hatrany i Finy. Hitodi-doha any ambanivolo ireo ray amandreniny rahampitso hanara-maso ny fambolena ary tokony hitandro hatrany ireo fepetran’ny fiarovana amin’ny tazomoka.

Scène : Finy, laban’i Finy, lendrin’i Finy.

Tokony ho tandremana ny aretina ary tokony arahina ny fitandroam-pahasalamana rehetra amin’ny fiarovana amin’ny tazomoka. Nanambara ny faniriany hiresaka amin’labany i Finy nony hifarana ny sakafo. Nandrasan’izy mianaka ho variana mijery télé lendriny dia niresaka tao an’efitra ilany i Finy sy labany.

Nantintranterin’i Finy tao anaty resaka nataony tamin’labany fa tsy dia afa-po loatra amin’izao fianany izay miankina amin-dehilahy izao izy. Etsy andaniny koa moa dia nasehony fa malahelo ny fiainana ambanivolo i Finy sady te hahalala bebe kokoa ny fivoaran’ny fambolena izy. Nanambara moa labany fa mizotra tsara ny fambolena ary mitombo kokoa aza ny vokatra taorian’ny fanarahana ireo torohevitry ny teknisiana izay mpiara-miasa amin’ny tantsaha. Saika niray hevitra hatrany izy mianaka ny amin’ny tsy tokony hahavariana loatra amin’ity orinasan’i Hajasoa ity ka hanao ambanin-javatra ny fianarana i Finy. Tsara kokoa raha mbola manohy mianatra i Finy kanefa tsy ho afa-manoatra loatra izy amin’izao nametrahan’i Hajasoa ny asa fihariany izao.

Rehefa nanjohy azy mianaka tao anefitra niresahany lendrin’i Finy dia nanambara fa tsy mbola mazoto ny hody any ambanivolo izy. Nangata-dalana ny hitodi-doha any ambanivohitra mantsy labany ka ren’lendriny izany. Kanefa moa rehefa nohazavain’i Finy fa tena mbola tsy mahatsapa tena ho tompon’izao hita maso rehetra izao izy dia resy lahatra ihany lendriny fa hody hiaraka amin’laban’i Finy rahampitso maraina. Ny fahasalaman’labany sy ny fambolena ihany koa tokony harahina maso avokoa rehefa mby any ambanivolo.

EPISODE 29

- **Nohon’ny hambony dia tsy nanaiky ny tolotra avy tamin’labany i Baosily satria efa be loatra ny nataonareo ray amandreny taminay hoy izy**
- **Nambaran’labany tamin’i Finy ny fahasahiranana iainan’i Baosily**
- **Nanapakevitra ny hanampy an’i Baosily i Finy.**
-

Scène 1 : laban’i Finy, Baosily

Tonga namangy an’i Baosily labany. Te hahafantatra bebe kokoa ny amin’ny fianan’ity zanany vavimatoa ity no tena anton-diany. Nambaran’labany fa somary latsa-nenina kely ihany izy nampanambady aloha loatra an’i Baosily nohon’ny fomban-drazana. Nambaran’labany ihany koa fa manam-pikasana ny hitondra an’i Baosily mianakavy kely hipetraka any amindry zareo izy kanefa moa dia nandà ankitsirano i Baosily fa aleo ihany izy hijanona eto amin’ny tokantranony na dia mafy aza ny iainany eto. Nambaran’labany an’i Baosily ihany koa fa rehefa tsy nanaiky ny hifindra monina any amin’ireo ray amandreniny ihany izy dia manana fikasàna ny hanome azy ilay tanimbary namidin’i Bera izy fa ho avotany mantsy izy io ka hatolony an’i Baosily mba hivelomany. Sadaikatra i Baosily nandre an’izany hany ka dia

fandavana hatrany no nasetriny an'izany tolotry ny rainy izany. Nihevitra mantsy i baosily fa efa be loatra tsy araky ny tokony ho izy izany fahasahiranan'ireto ray amandreniny ireto izany taorian'ireny olana nianjady tamin'izy mianakavy teo ireny. Hany herin'Iabany dia nanolotra ilay akoho nentiny natao voan-dalana. Raha ny hevitr'i Baosily dia hompiana ity akoho ity fa saingy tsy nanaiky Iabany fa aleo ho vonoina ilay akoho.

Scène 2 : Iaban'i Finy, Finy

Niantso an'i Finy an-télephone Iabany nilazany ny fiasany saina mahakasika ny fiainan'i Baosily izay hitany fa somary sahirankirana ihany. Nilaza i Finy tao anatin'ny resaka nifanaovany tamin'Iabany fa tsara kokoa raha midina eny ambanivolo izy hijery izay azo atao mikasika ireo vina efa noheveriny mba hanavotana an'i Baosily sy ny fiainany.

Scène 3 : Finy

Nihevitra ny hanampy an'i Baosily tokoa i Finy. Varotra angamba no mety aminy hoy i Finy miteny irery. Hampiasaina amin'izany ny tahiry manokany avy tao amin'ny VOAMAMI. Mbola mahatonga saina azy hatrany anefa ity fiainany izay toa miankin-doha tanteraka amin'i Hajasoa ity. Eny fa na ny fianarany aza, kanefa dia hitany sy tsapany fa tokony ho vitan'ireo ray amandreniny tanteraka izany fianarany izany. Tena tsy mahazo aina tanteraka aho hoy hatrany i Finy amin'izao zavatra iainako izao. Ny harena tsy an'ny tena kanefa dia tsy maintsy atao tsara tantana mandrapahatongan'i Hajasoa. Ny fianarana koa anefa tsy tokony hatao ambanin-javatra.

EPISODE 30

- **Nananatranatra an'i Baosily i Finy amin'ny tokony fepetra ho raisiny amin'izao fitondrany vohoka izao. Tokony efa hisafo izy. Hanokafan'i Finy fivarotana (épicerie) ihany koa i Baosily.**

Finy, Baosily, (Masera)

Onena i Finy mahita an-jandriny tena malok'endrika tanteraka sady lasa saina.

Mampiasa asaina an'i Finy ny antony mahatonga an'i Baosily tsy mety hanaiky ny sosokevitry ny rainy hipetraka any aminy. Niraisan'ny roa tonta fa tokony hajanona tanteraka ny amin'i Bera. Somary sahirana ihany i Baosily amin'ny fitondrana vohoka ka nahateny ny faniriany hangala zaza i Baosily. Hevitra izay hitan'i Finy fa tena efa tara loatra satria heloka ny famonoana olona ka tokony fanabeazana aizana kokoa no natao mialohan'izao. Tsara kokoa raha manatona mpitsabo rehefa hanao an'izany. Tokony efa mitsapa na misafo mihitsy koa aza izao. Tokony harahi-maso ny 1000 andro voalohany amin'ny zaza. Tsara koa raha tohizana ireo torohevitry ny projet amin'ireo teknika fanatsarana ny famokarana hoy hatrany i Finy.

Naroson'i Finy ihany koa ny hevitra ny amin'ny tokony hanokafan'i Baosily fivarotana karazana épicerie. Aiza anefa no hahitana vola hanombohana an'izany ? Ny VOAMAMI no vahaolana amin'izany ka afaka hanampy i Finy raha tsy mahazo amin'lendriny izy. Nanapakevitra ny hanomboka fisafoana avy hatrany any amin'i Masera moa izy mirahavavy nony avy teo.

EPISODE 31

- **Nanome torohevitra maromaro mikasika ny fitondrana vohoka i Masera.**
- **Manantitrantitra ny anatra nataon'i Masera i Finy**
- **Nambaran'lendrin'i Finhy fa tsy afaka ny hamonjy ara-bola an'i Baosily izy fa efa manana vina hafa amin'ny hampiasany ny VOAMAMI**

Scène 1 : Finy, Baosily, Masera

Tonga nisafo tao amin'i Masera i Finy sy i Baosily ary mbola nanantintrantitra ny fitiavany hanala zaza hatrany i Baosily. Nolavin'i Masera izany mazava ho azy. Anatranatra no nataon'i Masera ny amin'ny fitandremam-pahasalamana sy ny sakafo ara-pahasalamana tokony harahin'i Baosily. Ireo fambolena madinidinika dia mbola azo atao daholo ka ireo ihany dia efa afaka manampy amin'ny fanovana sakafo maro loko. Natsidik'i Masera ihany koa ny fiomiana trondro tssotsotra. Torak'izany koa ny fitandremana amin'ny fiarovan-tena amin'ny tazomoka. Anisan'ny zava-dehibe aloha ny fahatongavan'i Baosily misafo aty amin'i Masera. Tokony misafo inefatra farafahakeliny mandrapahateraka.

Scène 2 : Finy, Baosily

Nanantitrantitra ny amin'ny tokony hanarahana antsakany sy andavany amin'ireo torohevitra nomen'i Masera i Finy. Hamantana avy hatrany any amin'ireo ray amandreniny ry zareo ary any no hisakafo atoandro.

Scène 3 : lendrin'i finy, Baosily, Finy

Nambaran'i Finy an'lendriny ny fikasany mba hanampy an'i Baosily. Tokony hampiana i Baosily mba hahafahany mioitra amin'ny fiainana. Somary nandatsa ihany moa ny reniny satria efa nisy ny tolotanana nataon'laban'i Finy kanefa tsy nanaiky i Baosily. Nambaran'lendrin'i Finy fa tokony hamonjy « vaky vata » ry zareo raha mihevitra ny amin'ny VOAMAMI satria raha ny an'lendrin'i Finy manokana dia efa manana ny vinavinany amin'ny hampiasany ny tahirim-bolany izy.

EPISODE 32

- **Maneho ny fankasitrahany ny hevitra hampody an'i Baosily aty amin-drainy lendrin'i Finy.**
- **Nanaiky ny hamatsy vola ny vinan'i Baosily sy i Finy ihany lendriny rehefa nifandresy lahatra teo ka nanampy azy roa vavy tamin'izany labany.**

Scène 1 : Iendrin'i Finy ; Iaban'i Finy

Nanizingizina Iendrin'i Finy fa tsara kokoa raha manaiky ilay sosokevitr'Iaban'i Finy amin'ny hampodiana an'i Baosily an-tranon-dray amandreny i Baosily. Iendrin'i Finy rahateo moa dia maniry mafy ny hitoetra any amin'i Finy raha toa ka tanteraka izany fikasana izany. Nihizingizina mafy amin'izany hevitra izany Iendrin'i Finy na dia efa nambaran'Iaban'i Finy fa efa niala nenina tamin'izany aza izy. Notoheriny ihany koa ny fomba fisainan'Iendriny amin'ny tokony mba hanampiana an'i Baosily amin'ny alalan'ny VOAMAMI satria zanaka tiana tsy tokony hatao ankilabao ihany koa izy.

Scène 2 : Finy, Baosily

Manao tatitra tamin'i Finy mahakasika ny diany avy tany amin'ny tomponandraikitry ny VOAMAMI i Baosily. Mbola maro ny trosa tsy maintsy haloan'i Baosily nohon'ny vola nalain'i Bera, ka ho sarotsarotra ny findramam-bola mety hatao any. Raikitra fa hanao vina izy roa vavy ny amin'ny vola tokony hampiasaina sy ireo varotra tokony hatao. Nanolotra hevitra ny amin'ny hanodinana ireo vokatra misy ambim-bava i Finy. Azo ampiharina ny fahaizana amin'ny fanodinam-bokatra. Maro ireo voankazo azo aodina. Natoron'i Finy an'i Baosily ihany koa ny fanamaina sirapay (fruit à pain).

Scène 3 : Iendrin'i Finy, Iaban'i Finy, Finy, Baosily

Nanao tatitra ny amin'ny resaka nifanaovan'izy roa vavy mikasika ny fandoavana ny trosan'i Baosily ao amin'ny VOAMAMI tamin'ireo ray amandreniny ry zareo. Niangavy noho izany i Finy mba hanampian'Iendriny amin'ny tahirim-bolany ao amin'ny VOAMAMI fa raha tsy izany dia tsy ho tafavoaka i Baosily amin'ity vina izay kasainy hatao ity. Nanaiky tsy sazoka ihany moa Iendrin'i Finy rehefa noresen'Iaban'i Finy lahatra, satria zanaka ka mila fanavotanà tokoa i Baosily. Ranomaso no nandraisan'i Baosily an'izany faneken-dreniny izany satria sady faly izy no malahelo ny tenany noho izao fahasahiranana mianjady aminy izao.

EPISODE 33

- **Nokaikerin'ny nenina sy alahelo i Bera ka nanapakevitra ny hody any amin'ireo vady aman-janany ka voatery nangata-bola tany amin'i Masera hataony saran-dalana.**
- **Hatreo Farafangana ihany anefa no tongan'ilay vola nomen'i Masera ka nikasa ny haka vola any amin'i Hajasoa i Bera mba hataony saran-dalana mody any ambanivolo.**

Scène 1 : Bera, Masera

Kaikerin'ny nenina nohon'ny nataony i Bera ary malahelo ireo vady aman-janany izy. Miasa saina mafy izy ny amin'izay tokony hataony. Hany heriny niantso tsy satry an'i Baosily. Tsy azo antso an-téléphone anefa i Baosily, ka hany voatery niantso an'i Masera. Nambarany fa lasa aty Ihosy izy nitady omby ho vidiana ary nasehony an'i Masera ny alahelony an'ireo vady aman-janany. Notantarain'i Masera amin'i Bera fa tena efa mivoatra be i Baosily fa mihatsaratsara izy ao, ka sady madio no mahazo aina tsara ara-pahasalamana izy ao. Niangavian'i Bera ihany koa i Masera mba

hanome vola azy hataony saran-dalana fa tapakevitra ny hody izy kanefa tsy tena lany vola nividianana omby. Nanome toky fa hanome azy izany vola izany avy hatrany i Masera.

Scène 2 : Bera, Finy

Tapaka ny hevitr'i Bera fa hody izy ka tsy haviliny lalana ity vola vao nalefan'i Masera ity fa hataony saran-dalana sy sakafo eny an-dalana hatreo Farafangana. Nony tonga tao Farafangana moa izy dia nanapakevitra ny hody any ambanivolo avy hatrany fa handalo haka saran-dalana kosa ao amin'i Hajasoa. Akory anefa ny hatairan'i Finy fa i Bera ity tonga nampaneno sonnerie ity !

EPISODE 34

- **Tonga haka vola tao amin'i Hajasoa i Bera ka akory ny hatairany fa i Finy no nandray azy tao. Raikitra ny fifamaliana.**
- **Nambaran'i Finy an-téléphone tamin'labany fa ho avy i Bera ka mila mitandrina. Tsy tena nitovy hevitra tamin'i Finy anefa labany.**

Scène 1 : Bera, Finy

Hatezerana no nandraisan'i Finy an'i Bera ka fandroahana no nasesiny an'izao fahatongavany izao. Somary mafimafy ihany ny fifamaliana teo amin'izy miaotra. Nampitandrina an'i Bera i Finy na dia efa niangavingavy taminy aza ary fandatsàna no nasetrin'i Finy an'izany ; indrindra moa amin'izato endrik'i Bera misaringo-borodamba izao. Nolazain'i Finy fa nihatsara ny fiainan'i Baosily hatramin'izay tsy nahateo an'i Bera izay. Voatery nangataka vola ihany anefa i Bera mba hahafahany mody any ambanivolo ka voatery nametraka fepetra i Finy. Nampitandrina i Finy rehefa nanome ny vola ny amin'ny tsy tokony hanatokatonany an'i Baosily. I Bera anefa dia nanaiky tsy satry nanao sonia ilay taratasy fanekena ihany na dia fantatra aza fa tsy hanaraka izay voalaza ao.

Scène 2 : laban'i Finy, Finy

Nolazain'i Finy amindrainy fa tonga i Bera. Nampitandrina noho izany i Finy na dia niseho ho tsy rototra loatra aza labany. Anisan'ireny ny tsy tokony hanatokantonany an'i Baosily satria efa maro oatra izay hadalana nasehon'i Bera izay. Nolazain'laban'i Finy anefa fa antenaina hiova i Bera ary vonona ny handray an'i Bera ho toy ny vinantony hatrany izy na dia nisy aza ireo zava-dratsy vitany teo aloha. Izany rahateo ny fomba hoy labany satria dia mbola tsy nisaraka izy mivady ka mbola tsy rava ny tokantranony. Hany herin'i Finy dia nanaiky tsy satry izany tenin-drainy izany.

EPISODE 35

- **Nitombo hatrany ny hagagan'i Bera rehefa nandre tamin'lendrin'i Zemany fa nivoatra nihatsara be tokoa ny fiainan'i Baosily hatramin'izay tsy naha teto an-toerana an'i Bera izay.**
- **Lasa tanàna haolo ny tanànan'laban'i Bera**
- **Niangavy an'i Masera i Bera mba hanampy azy satria dia sadaikatra mafy izy ny hamonjy ny tokantranony**

Scène 1 : Bera, Iendrin'i Zemany

Tonga an-tanàna i Bera. Nandalo kely tao amin'Iendrin'i Zemany aloha izy hisotro toaka. Tsy noraharahain'Iendrin'i Zemany akory izay trosan-toakan'i Bera tany aloha tany fa efa tena nalamin'i Baosily avokoa izany. Nitombo hatrany ny hagagan'i Bera satria dia nohamafisin'Iendrin'i Zemany fa tena nivoatra be ny fiainan'i Baosily hatramin'izay fotoana tsy naha teto an-toerana an'i Bera izay satria dia efa manana épicerie lehibe i Baosily ankehitriny. Sadaikatra ihany anefa i Bera ny handeha hody eny amin'ny tokantranony, noho ilay teny somary mafimafy nataon'i Finy azy, ka hany heriny dia nanapakevitra ny hody eny amindrainy aloha izy.

Scène 2 : Bera

Hatairana ny an'i Bera nahita fa nikorosy fahana izay tsy izy ity tananan'labany ity. Hatramin'ny vary tao an-tsopitra (tragnambo) aza ka tsy misy intsony. Haolo ilay trano ka na ny vovoka aza dia efa manjaka tokoa. Hany herin'i Bera dia nandeha namonjy an'i Masera nohon'ny tahotra sy ny henatra ny hamonjy ny tokantranony.

Scène 3 : Bera, Masera

Noraisin'i Masera tamim-pahatsoram-po i Bera na dia tsy tena nadio fo loatra aza fa nieritreritra ny hanadala an'i Masera hatrany. Gaga i Masera raha nandre fa tsy mbola namonjy ireo vady aman-janany i Bera. Nitady vahaolana ny amin'ny mba hatoriany aty amin'i Masera i Bera ka nolazain'i Masera fa tsara raha ao amindry Mopera izy no matory fa any kokoa no mety kanefa moa tsy dia azoazon'i Bera izany sosokevitr'i Masera izany. Hany herin'i Bera dia niangavy izy ny mba haterin'i Masera any an-tokantranony, kanefa nomen'i Masera sosokevitra aloha i Bera mba handeha « hibebaka » any amin'ireo ray amandrenin'i Baosily. Izay rahateo no fomba. Voatery notantarain'i Bera tamin'i Masera avokoa ireo tantara nolalovany ka nahatonga azy halaina ny handalo any amin'ireo rafozany. Nangoraka an'i Bera i Masera ka nanome azy vatsy kely mba hataony sakafo sady nampirisika an'i Bera mba hanamasina ny tokantranony rehefa avy mampody ny vadiny. Narahin'i Masera anatranatra izany rehetra izany mialohan'ny tena handehanan'i Bera.

EPISODE 36

- **Nandre ny fahatongavan'i Bera ao an-tanàna Iendrin'i Finy ka nanapa-kevitra ny hamonjy an'i Baosily avy hatrany ho fiarovana azy**
- **Nanapakevitra ny hipody amin'i Baosily i Bera**
- **Tsy mitovy hevitra laban'i Finy sy Iendrin'i Finy ny amin'ny handraisana na tsia an'i Bera**

Scène 1 : Iendrin'i Finy, Finy

Nantsoin'Iendriny an-téléphone i Finy. Maneho ny faniriany hihaona amin'-janany Iendriny. Tapa-kevitra ny hiakatra Iendrin'i Finy fa mba te higalabona ireo hatsaram-pianany iainan'i Finy any Farafangana. Nambaran'i Finy an'Iendriny anefa ny fahatongavan'i Bera ao an-tanàna. Gaga sy taitra Iendrin'i Finy nandre izany. Niova

hevitra tampoka Iendrin'i finy fa tsy ho any Farafangana indray fa aleony mamonjy haingana an'i Baosily sao dia hadalain'i Bera ao indray.

Scène 2 : Bera,

Nanapa-kevitra ny « hipody » any amin'i Baosily ihany i Bera. Mahatsiaro ho sahirana ara-pivelomanana tanteraka ny lehilahy ka aleony miaritra izy hanjo azy any amin'i Baosily any toy izay hanjeny ny andro ho lava eny hatrany.

Scène 3 : Iendrin'i Finy, Iaban'i Finy

Eo am-pisakafoana. Nambaran'Iendrin'i Finy ny fahatongavan'i Bera. Tsy nitovy hevitra anefa izy mivady satria raha tsy nankato ny fandraisana an'i Bera intsony Iendriny dia nilaza kosa Iabany fa vonona hatrany ny handray an'ity vinanto nania ity satria tsy hoverin'izay tsy ho rain'ny zanaky ny zanatsika iny hoy Iaban'i Finy.

Scène 4 : Baosily, Iendriny.

Tonga « namangy » an'i Baosily Iendriny. Nahafinaritra ny fifandraisan'izy mianaka satria efa hitan'Iendriny fa efa mba metimety ny fiainan'i Baosily.

EPISODE 37

- **Tonga namangy sady hiaro an'i Baosily Iendriny.**
- **Tonga i Bera fa nataon'Iendrin'i Finy roaka alika.**
- **Voatery namonjy an'i Baosily vao maraina teny amoron-drano i Bera satria te hihaona mafy aminy.**
- **Nanambara i Baosily fa tssara kokoa raha vitaina ety amoron-drano ny resaka satria tena tsy vonona ny handray azy any an-trano izy.**

Scène 1 : Iendrin'i Finy, Baosily.

Gaga sy talanjona Iendriny nahita ny filaminana sy ny firindran'ny fiainan'i Baosily. Hita ho mitandrina ireo fitandremam-pahasalamana sy ny fikarakarana sakafon'ny bevohoka i Baosily. Nanampy an-janany tanteraka izy amin'ny fikarakarana ny tokantaranony ka hafaliana no nasehon'i Baosily an'izany miampy ireo torohevitra madinidinika nomen'Iendriny.

Scène 2 : Bera

Tonga an-tanàna i Bera. Noroahin'Iendrin'i Finy tamin'ny fiteny sy fihetsika henjana anefa izy ka vaky lefa. Hany heriny namonjy teny amin'Iendrin'i Zemany aloha.

Scène 3 : Baosily, Iendriny

Gaga i Baosily nahita an'ity fisefosefon'Iendriny. Nambarany fa sempotra avy nandroaka « akoho be » tsy misy ilàna azy izy. Nasain'Iendriny nakatona ihany koa ny toeram-pivarotan'i Baosily.

Scène 4 : Bera

Very fanahy mbola velo tsy mahita izay tokony hataony i Bera. Hany heriny dia nanapa-kevitra ny hamonjy an'i Baosily vao maraina any amoron-drano izy mba tsy ho hitan'Iendrin'i Finy.

Scène 5 : Baosily, Bera

Novonjen'i Bera vao maraina teny amoron-drano i Baosily. Hatairana sy hatezerana no nandraisan'i Baosily an'i Bera. Nambaran'i Bera fa efa tany an-trano izy omaly fa noroahin'Iendrin'i Finy tamin'ny fanoto (akalo). « Tsara ho anao izay » hoy i Baosily ! Nilaza moa i Bera fa efa niova fo fa tsy toy ny taloha intsony. Nangata-panazavana ny amin'ny fiainana nodiavin'i Bera i Baosily. Nanambara anefa ny lehilahy fa tsaratsara kokoa raha any an-traono no tohizana ny resaka. Nandà mafy an'izany anefa i Baosily satria tsy te hampiditra an-trano an'i Bera izy ary nambarany fa mbola ao ny reniny izay vonona ny handray azy amin-kerisetra.

EPISODE 38

- **Nitohy teny amoron-drano ny resak'i Baosily sy i Bera**
- **Nanafatrafatra ny tsy tokony hampidirana an-trano an'i Bera Iendrin'i Finy.**
- **Nanapa-kevitra ny hidina eny an-tanàna i Finy hanara-maso akaiky ny « raharaha »**
- **Talanjona i Bera raha nifanena tamin'i Bakiky izay niova endrika. Raikitra ny fifanazavana sy ny fifandatsalatsana.**

Scène 1 : Bera, Baosily

Nitohy eo amoron-drano ny resak'i Bera sy i Baosily. Nitalaho ny te hiverina amin'i Baosily i Bera. Nanambara ny tsy fahavononany amin'izany i Baosily. Nilaza anefa i Bera fa raha izao fihetsikao izo hoy izy dia mbola tia ahy ianao fa ny tahotra an'ireo havanao no lahatonga ana hanao fihetsika toy izao. Nilaza ny mbola hamonjy an'i Baosily eto amoron-drano i Bera rahariva.

Scène 2 : Iendrin'i Finy, Baosily

Niresaka ny amin'ny fahatongavan'i Bera an-tanàna izy mianaka. Aza manaiky ny ho rebireben'i Bera hoy Iendriny. Aza ampidrina an-trano mihitsy i Bera raha tonga eo. Eny ivelany izy no tokony hijery an'ireo zanany. Araho ireo torohevitray havanao. Tsy tena nitovy hevitra izy mianaka satria te hampiditra an'i Bera an-trano ihany i Baosily na eo aza izany rehetra izany. Tsy naharesy dohika an'Iendriny anefa i Baosily ka nanaiky tsy satry ny fidrikinan'Iendriny.

Scène 3 : Finy

Miasa saina ny amin'ny zavatra mety hiseho i Finy raha sendra ka miverina any amin'i Baosily i Bera. Nanap-akevitra ny hidina eny an-tanàna izy mba hanara-maso akaikyny zava-misy. Maro loatra ireo tsy fahatokisany ny toetran'i Bera. Iabany

rahateo lehilahy diso malemy fanahy loatra ka mety ho mora langolangoin'i Bera hatrany.

Scène 4 : Bera, Bakiky

Talanjona i Bera nahita ny fiovan'endrik'i Bakiky. Tsara fitafy. Gaga i Bakiky raha nahafantatra fa eny amoron-drano no toerana ifaneny amin'i Baosily. Nolazain'i Bakiky fa ny fambolena nanaraka ny teknika nampitain'i Milijhon no naha toy izao ny fiainany ary mamatsy vokatra an'i Farafangana izy ankehitriny. Narahiny latsalatsa madinika ihany moa izany rehetra izany satria tsy hita izay vokatry ny fanaovana dabokandro amin'ity lazaina fa nividy omby tany andrefana tany ity. Nambaran'i Bera moa fa tsy dia azoazony loatra i Milijhon ka izay no anisan'ny antony tsy nampazoto azy loatra tamin'ity resaka fambolena ara-teknika ity.

EPISODE 39

- **Nitohy ny resak'i Bakiky sy i Bera ary nanome « vola kely » an'i Bera i Bakiky**
- **Nanipy torohevitra ny amin'ny tokony hanarahana fiofanana amin'ny fanodinam-bokatra sy ny fitadiavana lalam-barotra an'i Bakiky i Milijhon.**
- **Nambaran'i Milijhon an'i Finy fa mivoatra be nihatsara ny fiainan'i Bakiky satria nahitam-bokatra ireo ezaka nataon'i bakiky tamin'ny seha-pamokarana**

Scène 1 : Bakiky, Bera

Rehefa avy nifanadrohadro teo izy roalahy dia nomen'i Bakiky vola i Bera mba hataony am-paosy alohan'ny hisarahany. Akory ny hagagan'i Bera fa tsy vola kely akory ity nomen'i Bakiky ity. Tonga saina tanteraka izy ny amin'ny fivadihan'ny rasa satria dia tsy nampoiziny mihitsy fa i Bakiky indray no hanome vola azy.

Scène 2 : Bakiky, Milijhon

Mifanena eny an-tsaha i Bakiky sy i Miljhon. Nolazain'i Bakiky fa somary sahiran-tsaina ihany izy fa be loatra ny vokatra. Somary gaga i Milijhon satria tsy mbola mahafantatra ny fanodinana vokatra mba ho tahirizina i Bakiky. Nonome toro hevitra ny amin'izany i Milijhon. Toy izany koa ny amin'ny fampitomboana ny lalam-barotra sy ny fikarakarana ny vokatra mba tsy ho mora simba. Vonona hatrany i Milijhon ny hanampy an'i Bakiky satria dia anisan'ireo tantsaha filamanatra i Bakiky.

Natsidik'i Milijhon ihany koa fa tokony efa mba « haka namana » amin'izay i Bakiky fa sady mitombo ny taona no mitombo ihany koa ireto vokatra. Nanambara moa i Bakiky fa mbola tsy nahita izay mety ho namany aloha izy hatreto fa angamba ho tonga ho azy eo ihany iny amin'ny manaraka.

Scène 3 : Finy, Milijhon

Nifanena i Finy sy i Miljhon. Nambaran'i Miljhon fa tena efa mivoatra ny olona eto an-tanana amin'ny resaka fampandrosoana. Anisan'ireny olona nivoatra ireny i Bakiky. Ny fanatsarany ny famboleny no tena anisan'ny nampivoatra azy izay lasa mpamatsy

vokatra an'i Farafangana mihitsy aza. Nibitaka noho ny fandrenesany an'izany i Finy. Nolazain'i Miljohn ihany koa anefa fa somary sahirankirana i Bakiky ary hita ho tena mila namana mihitsy aza satria tena miha mtiombo hadiry ny fambolena sy seha-pamokarana iandraiketany. Nambaran'i Finy an'i Milijhon kosa tetsy andaniny ny fahatongavan'i Bera ao an-tanàna izay anisan'ny tena anton-diany satria tena mila fitandremana tokoa ny fiaraha-monina misy an'iny « fositra » iny.

EPISODE 40

- **Noteren'ireo ray amandreniny hanambady « vady atolotra » i Bakiky ka nanembonembona an'i Finy**
- **Nanatranatra an'i Baosily i Finy sy lendriny ny amin'ny tsy tokony hifandraisany intsony amin'i Bera**
- **Tonga hiresaka amin'izy mianakavy ihany koa i Masera ka ny amin'i Baosily no ho ventin-dresaka**

Scène 1 : Bakiky

Manembonembona an'i Finy i Bakiky satria dia teren'ny ray amandreniny hanambady « vady atolotra » izay tsy dia andrian'ny fony loatra izy.

Scène 2 : Finy, lendrin'i Finy.

Gaga i Finy fa tsy nahatratra olona tao an-trano. Nantsoin'i Finy lendriny ary nambaran'lendriny fa eny amindry Baosily izy. Nilaza ny hamonjy azy eny i Finy.

Scène 3 : Masera, Finy

Nilaza an-téléphone ny faniriany te hihaona amin'i Finy i Masera, fa misy resaka tiany hatao. Nilaza i Masera fa hamonjy an'i Finy eny amindry Baosily satria mahakasika an'i Baosily rahateo no anton-dresaka.

Scène 4 : lendrin'i Finy, Finy, Masera

Mibitaka izay tsy izy lendrin'i Finy rehefa nigadona teny amin'i Baosily ny fiara nitondra an'i Finy. Talanjona i Finy nahita ny fiovana misy eo an-tananan'i Baosily.

Raha iny mbola variandresaka sy nananatranatra an'i Baosily teo iny izy mianaka dia indro fa tonga i Masera. Resaka momba an'i Baosily no anton-diako hoy i Masera.

EPISODE 41

- **Niezaka ny handamina ny « disadisa » misy eo amin'ny fianakavian'i Baosily i Masera**
- **Mahatsiaro fihetseham-po hafahafa i Finy nony nifanena tamin'i Bakiky**

Scène 1 : Masera, lendrin'i Finy, Baosily, Finy

Nitantara ny nenin'i Bera i Masera ary nambarany fa matahotra ny hiverina aty an-tokantranony i Bera. Namaly an'i Masera lendrin'i Finy ka nilaza mazava fa tsy

vonona ny handray an'i Bera mihitsy izy. Somary nandamindamin-dresaka moa i Baosily sy i Finy ka niafara tamin'ny fikarakarana zava-pisotro haroso ireto vahiny aloha iny resaka iny. Tsy tonga hanery ny andaniny na any ankilany aho hoy i Masera. Nohararaotin'i Baosily moa ny fivoahan'i Finy sy Iendriny hikarakara ireo zava-pisotro sy zava-pihinana mba hiresahany mitokana amin'i Masera. Nisaorany manokana i Masera milatsaka ho elanelam-panahy amin'izao savorovorom-piainana misy amindry zareo mianakavy izao.

Scène 2 : Bakiky, Finy

Talanjona i Finy raha sendra nifanena tamin'i Bakiky izay tena niova endrika tokoa. Mahatsapa fihetseham-po hafahafa i Finy nony nifandray tanana tamin'i Bakiky, hany heriny ka voatery nandao tsy satry an'i Bakiky izy nohon'ny alokalok'i Hajasoa.

EPISODE 42

- **Nantsoin'i Masera i Bera ka nambarany fa raha tena vonona ny hiova toetra tokoa i Bera dia azo antenaina ny handraisan'i Baosily azy.**
- **Novonjen'i Bera teny amoron-drano i Baosily ka nanteriny hatrany ny fitiavan'i Bera ireo vady aman-janany.**
- **Mahatsiaro ho verivery saina nohon'ny amin'i Bakiky i Finy ka nolazainy tamin'Iendriny fa toa matahotra ny ho latsa-pitiavana amin'i Bakiky izy.**

Scène 1 : Bera, Masera

Tapakevitra ny hamonjy rafozan-dahiny i Bera satria toa tsy ahitany hirika loatra raha izay Iendrin'i Finy.

Tetsy andaniny dia niantso an-téléphone an'i Bera i Masera ary nambarany fa misy resaka tiany hatao maika amin'i Bera.

Nony tonga tao amin'i Masera i Bera dia notantarainy ny fihaonany tamin'ireo fianakavian'i Baosily. Nambaran'i Masera fa olona azo resahina tsara i Baosily ka tsara kokoa raha mba miova toetra i Bera satria anisan'ny vato misakana ny fandraisan'Iendrin'i Finy sy i Finy ny toetra tsy mendrika nataony fahiny. Nanapakevitra ny tsy handalo any amin'ilay rafozan-dahiny indray i Bera noho izany ary nanome toky an'i Masera fa hiova famindra tokoa manomboka izao. Maromaro ihany ireo toro hevitra natolotr'i Masera an'i Bera ka anisan'ireny ny tokony hioiran'i Bera eo amin'ny fiainana ka hividianany omby hatolotra an'ireo ray amandrenin'i Baosily mba ho onitr'izay ratsy rehetra vita izay.

Scène 2 : Baosily, Bera, Iendrin'i Finy

Niandry an'i Baosily teny amoron-drano i Bera. Nampitandrina hatrany an'i Bera i Baosily fa mbola ao an-trano ao Iendriny. Nilaza i Bera fa efa niova fo izy ka maniry ny hihaona amin'ireo vady aman-janany ary mbola nanteriny hatrany ny fitiavany an'i Baosily. Nanoro hevitra an'i Bera i Baosily mba ho tonga hifona any amin'ireo ray amandreniny. Mbola niangavy hatrany moa i Bera mba hahita an'ireo zanany.

Nanapa-kevitra ny ho any an-trano hiaraka amin'i Baosily i Bera. Nolazain'i Baosily fa tsara kokoa raha miandry kely i Bera fa mbola ao an-tranony ao i Finy sy Iendriny.

Scène 3 : Finy, Iendrin'i Finy

Varimbarian-dava i Finy. Nambaran'i Finy fa tena hafahafa ny fihetsiny hatramin'ny nihaonany tamin'i Bakiky aninkeo izay. Tsy mino aho hoy izy fa manam-pitiavana an'i Bakiky. Mody tsy naheno izany tenin'i Finy izany moa Iendriny ka ny maika hody hitaingina fiara hatrany no asesisesiny.

EPISODE 43

Nifanojo teny am-pantsakana i Bakiky sy Finy ary novetsovetsoin'i Bakiky teo ny fitiavany an'i Finy. Nifanojo ny tia sy ny manina satria nambaran'i Finy ihany koa fa ny zava-misy teo aloha no nahavoatery azy hanambady an'i Hajasoa

Scène : Bakiky, Finy

Mivadibadika tsy mahita tory i Bakiky nohon'ny fieritreretany an'i Finy. Mahery loatra ny fitiavany an'i Finy. Nandrasany vao mangiran-dratsy teny amoron-drano i Finy. Nambaran'i Bakiky an'i Finy ny fieritreretany tsy an-kiato an'i Finy mandraky ny alina. Nilaza i Finy fa na izy koa aza dia torak'izany. Nifanojo ny tia sy ny manina ka voatery nanohy ny resaka teny an-tampon-tanety lavitry ny fantsakana ry zareo. Voaresaka tamin'izany ny tantaran''i Finy ka nahavoatery azy hanambady an'i Hajasoa. Nambaran'i Finy fa ny hanavotana an'i Bakiky tamin'ilay resaka halatra moto no tena naneken'i Finy ny hanambadiany an'i Hajasoa. Nohon'ny « fitiava-namana » nisy teo amin'i Finy an'i Bakiky avokoa anefa izany. Nolazain'i Finy ihany koa ireo fepetra napetrak'i Hajasoa ny amin'ny tsy tokony hifaneraseran'i Finy amin'i Bakiky. Ranomaso no nanambaran'i Finy fa tena voagadran'i Hajasoa ny fitiavany. Nolazainy fa mahatsapa fitiavana an'i Bakiky ihany koa izy ka tena sahiran-tsaina ankehitriny satria mahatsiaro ho efa foafatotra ihany koa.

EPISODE 44

- **Noteren'ireo ray amandreniny hanambady an'i Deriane i Bakiky ka naneho ny alahelony noho izany tamin'i Finy izy.**
- **Nanapa-kevitra ny hody an-tanindrazana i Hajasoa nohon'ny fahafantarany fa miha matetika ny fifandraisan'i Bakiky amin'i Finy amin'ity Bakiky tonga manati-bokatra aty Farafangana ity.**
- **Azoazon'i Finy an-tsaina fa mety izany fahatetehan'ny fiakaran'i Bakiky aty Farafangana izany no mety ho anton'ity fanapahan-kevitr'i Hajasoa ity.**

Scène : Bakiky, Finy

Nolazain'i Bakiky an'i Finy ihany koa fa teren'ireo ray amandreniny hanambady an'i Deriane zanak'Iendrin'i Zemany izy. Mitady hevitra amin'i Finy ny amin'izay tokony

hatao i Bakiky. Naroson'i Bakiky hatramin'ny hevitra hilefa mihitsy aza. Tsy dia niombon-kevitra amin'izany loatra i Finy. Somary naneho ny alahelony amin'izany faneren'ireo ray amandrenin'i Bakiky hanambady an'i Deriane izany i Finy. Somary ratsy fitondran-tena izay mantsy i Deriane. Tsapa ihany koa ny maha ratsy ny fomban'ambanivolo amin'ity fomba nentim-paharazana amiin'ity fady atolotra ity. Voatery nofaranan'i Finy moa ny fiarahana sao misy mahita eto amin'ity toerana ity ka hanahirana.

Scène 2 : Hajasoa

Mahafaly an'i Hajasoa ny fahazoany ny tatitra ara-bola avy amin'i Finy. Mampalahelo sy Mampanahy azy kosa anefa tetsy andaniny ny fahitany matetika an'i Bakiky amin'ny caméra de surveillance nalefan'ny tomponandraikitra taminy tonga manati-bokatra ao amin'ny orinasany.. Nanapakevitra avy hatrany i Hajasoa noho izany ka niantso an'i Finy izy fa hody an-tanindrazana ka nanome fotoana an'i Finy mba ho tonga hitsena azy any Antananarivo rahafakampitso ihany. Taitra sady gaga noho izany i Finy ka nametra-panontaniana amin'izany fanapahan-kevitra tampoka izany. Nolazain'i Hajasoa fa nohon'ny alahelony an'i Finy no antony.

Scène 3 : Finy

Niasa saina noho ity fanapahan-kevitr'i Hajasoa ity i Finy. Toa tsapany fa mety ho ny amin'i Bakiky no nahatonga izany fanapahan-kevitra izany. Very hevitra i Finy. Hanao ahoana indray ny mety ho endriky ny fifandraisany amin'i Bakiky raha tonga i Hajasoa ? Nantsoin'i Finy an-téléphone i Bakiky kanefa tsy mandeha ny findainy.

EPISODE 45

- **Nambaran'i Hajasoa avy hatrany teo ampahatongavany ny fiovan'ny programany ka hitondrany an'i Finy ho any Nosy Be mba hitsangatsangana. Tany no nananmaran'i Hajasoa ny faniriany te hanan-janaka amin'i Finy.**
- **Taitra sady nalahelo i Bakiky nony nandre fa lasa niakatra any Antananarivo i Finy nitsena an'i Hajasoa.**

Scène 1 : Finy, Hajasoa.

Tonga nitsena an'i Hajasoa teny amin'ny seranam-piara-manidina i Finy. Nambaran'i Hajasoa fa niova avy hatrany ny programa fa handeha hitsangatsangana any Nosy Be aloha ry zareo alohan'ny hody any Farafangana. Miandry ora fotsiny dia hiainga indray rehefa avy eo ka ilazàna izany fiovana programa izany ny mpamily.

Scène 2 : Bakiky

Miomankomana ny hiakatra hitondra vokatra eny Farafangana i Bakiky ka mametrapetraka hafatra amin'ireo mpiara-miasa aminy.

Rehefa tonga teny Farafangana i Bakiky vao nahafantatra fa tsy ao i Finy fa lasa nitsena an'i Hajasoa any Antananarivo. Nentin'ny famoizam-po i Bakiky ka lasa namonjy toerana misy fivarotrana zava-pisotro misy alikaola.

Scène 3 : Finy, Hajasoa.

Mianoka tanteraka ny hatsaran'ny toerana nalehandry zareo izy roa kely no sady mamisavisa ny ho aviny. Anisan'ireny ny fanambaran'i Hajasoa ny faniriany te hiteraka amin'i Finy alohan'ny handehanany hamita iraka mandritry ny fotoana lavalava toy ny teo aloha iny indray.

EPISODE 46

Nahafantaran'i Finy zava-miafina maro ny antso nataon'ilay vazaha vavy antsoina hoe Sarah sy ny fisavan'i Finy ny findain'i Hajasoa. Sekretera no iantsoan'i Hajasoa an'i Finy ao anaty finday ao ary teo koa no nahafantarany ny antony tsy nahatonga ireo fianakavian'i Hajasaoa tany amin'ny fiboahany (vody ondry)

Nisy niantso tamin'ny findainy i Hajasoa. Sarah no misoratra eo. Vazaha vavy miteny frantsay. Noraisin'i Finy ilay antso rehefa niverina fanindroany ilay antso. Akory ny hatairan'i Finy raha naheno fa « c'était ma secretaire » no navalin'i Hajasoa an'ilay vazaha vavy niantso. « Bonjour Chéri » anefa no niarahaban'ilay vazaha vavy teo an'i Finy raha vao nandray ilay finday izy. Tezitra tamin'i Finy noho izany i Hajasoa ka nilaza fa tsy tsara raha mandray téléphone –n'olona toy izany.

Rehefa raiki-tory anefa i Hajasoa dia nojeren'i Finy avokoa ny resaka nifanaovan'i Hajasoa amin'io Vazaha vavy io. Mail, SMS, Facebook…

Vara-datsaka.

Teo vao tonga saina i Finy ny amin'ny antony tsy nanatrehan'ny fianakavian'i Hajasoa ny fiboahana (vody ondry) izay nataondry zareo. Hita tao anatin'ny findain'i Hajasoa avokoa ny filazany amin'ireo olona rehetra iresahany ao fa i Finy dia lazainy fa mpiasany. Hay ka efa vita mariazy amin'ilay vazaha vavy ihany koa i Hajasoa !

Nangataka ny hody avy hatrany i Finy na dia niezaka ny nanambitamby azy hatrany az i Hajasoa.

EPISODE 47

- **Tonga nitsidika an'i Bera i Batia anabaviny ka nanambara ny fahasahiranany satria nisara-panambadiana. Nanapa-kevitra i Bera fa ho tazominy hiara-hipetraka aminy ity anabaviny sy ny zanany vao 6 taona.**
- **Mihamangatsiaka hatrany ny fifandraisan'i Finy sy i Hajasoa, indrindra amin'izao fahatongavandry zareo eto Farafangana izao.**
- **Nihaona teny amoron-drano indray i Bera sy i Baosily.**

Scène 1 : Bera, Batia (anabavin'i Bera).

Tonga namangy an'i Bera i Batia anabaviny. Nifampitantara ny nanjo azy avy teo izy mianadahy. Efa iaraha-mahalala ny nanjo an'i Bera fa ny anabaviny koa dia nanambara fa nisara-panambadiana satria nampijalian'ny vadiny loatra. Sady mamolava no mamono vady ilay lehilahy. Gaga ihany koa ny anabavin'i Bera raha nahafantatra fa tsy miara-monina amin'ireo vady aman-janany i Bera. Mipetraka aty amin'ny tranon'iabany manko i Bera.

Scène 2 : Hajasoa, Finy

Tonga aty Farafangana izy roa kely. Talanjona i Hajasoa fa milamina tsara ny tanàna ary voaloko hatramin'ny vavahady. Mihamangatsiaka hatrany anefa ny fifandraisan'izy roa ka nahavita niteny mihitsy i Finy fa ireny no zava-bitan'ny « Secrétaire ». Manova resaka avy hatrany moa i Hajasoa rehefa azon'izay tsindrom-paingotra izay.

Scène 3 : Bera, Batia

Talanjona ny anabavin'i Bera raha norosoany kajaha sy zava-pisotro fa tena mahay mikarakara sakafo i Bera. Niova tokoa. Nohon'ny fampianaran'ny teknisiana avokoa no anton'izao fiovana rehetra izao hoy i Bera. Misy ny fambolena sy ny fiompiana tantely izay iveloman'i Bera ary iaraha-mahita fa tena mahomby tokoa. Nanoso-kevitra ihany koa i Bera rehefa naheno ny tarainan'ity anabaviny fa halainy hiara-hipetraka aminy izy mianaka satria manan-janaka 6 taona i Batia. I Bera rahateo manam-pikasana ny tsy maintsy hiverina any amin'ireo vady aman-janany.

Scène 4 : Bera, Baosily.

Novonjen'i Bera teny amoron-drano toy ny mahazatra i Baosily ary notaominy mba hitsangatsanga kely aloha. Tsy nandà i Baosily.

EPISODE 48

- **Niresaka ny amin'ny fiovan-toetrany tamin'i Baosily i Bera satria io toetra ratsin'i Bera io no tena ankahalan'ny fianakavian'i Baosily azy. Naverin'i Bera hatrany ny faniriany « hody » any amin'ireo vady aman-janany.**
- **Novakian'i Finy bantsilana tamin'i Hajasoa ny fahafantarany fa efa manambady vazaha vavy any an-dafy any kay ity Hajasoa ity.**

Scène 1 : Baosily, Bera.

Miresaka ny amin'ny asa fivelomany i Baosily sy i Bera teny ampitsangatsanganana. Nanambara i Bera fa efa miova fo ankehitriny ary efa milofo amin'ny asa fameloman-tena izy ankehitriny. Mahomby ny asa fihariana ataony. Najanony ny fisotroan-toaka sy ny fitrosana mahakasika an'izany. Novalian'i Baosily moa izy fa io fitondran-tena ratsy io no tena ankahalan'ny fiaraha-monina azy, indrindra moa fa ireo fianakaviany.

Nibitaky ny hafaliana ihany koa i Bera raha nandre tamin'i Baosily fa ho avy i Hajasoa namany.

Scène 2 : Hajasoa, Finy.

Mbola maneho hatrany ny tsy fahafaliany i Finy ary tsy mampiseho endrika mirana mihitsy ao « an-tokantranony ». Nitari-dresaka i Finy ka nilaza fa hay olona manambady i Haja ary fantatro daholo hoy izy ny antony mahatonga ny havan'i Hajasoa tsy nanatrika ny fiboahany. Mazava amiko ny teti-dratsinao hoy i Finy ary tena mahatsiaro tena ho voafitaka aho hoy i Finy ary tena noviravirainao ny hatanoranao. Nangataka ny hody any ambanivolo avy hatrany i Finy ary tsy matoky an'izany fitiavan'i Hajasoa izany intsony satria tsy ho voavidin'ny harenanao aho ary aza antsoina « vady » izany intsony aho hoy hatrany i Finy. Vonona hanome ny fanazavana rehetra ary i Hajasoa.

EPISODE 49

- **Niaky volana i Hajasoa fa manambady tokoa fa any an-dafy ilay vadiny fa i Finy hatrany no vady voalohany. Vao manka anefa nampitombo hy hatezerana sy alahelon'i Finy izany.**
- **Tonga hila fanampiana ka nivarotra vokatra any amin'i Hajasoa i Bera mba hahazoany vola ho entiny manambitamby ireo rafozany.**
- **Nohidian'i Hajasoa tao anefitrano fatoriany irery tao i Finy ary very hevitra ny amin'izay tokony hataony.**

Scène 1 : Hajasoa, Finy

Niaiky i Hajasoa fa manambady tokoa izy any an-dafy. Kanefa lavitra ny any an-dafy hoy i Hajasoa fa ianao ihany no vadiko voalohany. Vao mainka anefa nampiakatra ny hatezerana sy ny alahelon'i Finy izany. Niezaka ny nanambitamby hatrany i Hajasoa kanefa efa tapaka ny hevitr'i Finy fa hody any ambanivolo dieny rahampitso maraina ihany izy. Nitady hevitra hatrany ny hijanonan'i Finy i Hajasoa ka nikasa ny hividy firavaka volamena ho an'i Finy dieny rahampitso maraina ihany. Nitokana efitra fandriana moa ry zareo ho tohin'izany rehetra izany

Scène 2 : Bera

Somary efa velom-panantenana ihany i Bera raha ny amin'ny fahatsoram-pon'i Baosily sy ny rafozan-dahiny. Nanapakevitra ny hamonjy any amin'ireo rafozany i Bera fa handalo haka fanampiana hivarotra ireto manga novokariny any amin'i Hajasoa aloha mialoha an'izany.

Scène 3 : Hajasoa, Finy, Bera

Tsy novohain'i Finy trano i Hajasoa. Nanambitamby avy ao ambadiky ny varavarana ny anao lahy fa i Finy kosa efa tapaka ny heviny fa hody ambanivolo. Nangonin'i Finy ny entakeliny. Nampanantena i Hajasoa fa hitondra « petit déjeuner » hanambitambazana an'i Finy.

Teo ampivoahana ny vavahady kosa no nifanenan'i Hajasoa amin'i Bera izay tonga hitady azy. Tao anaty fiara no notohizana ny resaka nohon'ny tahotri' Bera an'i Finy.

Scène 4 : Finy

Sahiran-tsaina i Finy ny amin'ny mety ho fandraisan'ny fianakaviany azy rehefa mby any an-tanàna. Akory anefa ny hatairany fa nampian'i Hajasoa hidiny avy any ivelany ity effitrano natoriany ity ka zary voagadra tsy afaka mivoaka tao izy. Niezaka ny ho tony anefa izy ary nikiry ny tsy maintsy hahita hevitra ivoahana tao.

EPISODE 50

- **Nanaiky ny hividy ireo manga efa diso masaka namidin'i Bera ihany i Hajasoa satria te hitari-dresaka amin'i Bera ihany koa izy.**
- **Nampandre an'iendriny ihany koa i Finy fa ho avy. Nilaza moa lendriny fa efa eo ampiomankomanana ny hamonjy ny fiboahana karakarain'i Bakiky izy.**

Scène 1 : Bera, Hajasoa

Nasehon'i Bera an'i Hajasoa ireo manga nentiny mba handray ireto manga izay lazain'i Hajasoa fa efa simba satria masaka loatra. Na dia namidin'i Bera tamin'ny vidiny mihoa-pampana aza ny voa-manga iray dia noraisin'i Hajasoa ihany izany satria te hiresaka manokana amin'i Bera ihany rahateo koa izy. Niaraka nivoaka ny vavahady izy roa lahy. Noresahina ny amin'ny fianan'i Bera ka nolazain'ito farany fa efa milamina ny fianany ankehitriny ary efa navelan'i Milijhon ny helok'i Bera. Nilaza moa i Bera fa tsy nahomby tanteraka ny dabokandro (fividianana omby) nokasainy natao tany Ihosy. I Bakiky kosa dia nambaran'i Bera fa efa tena manana fiainana efa mivoatra mihatsara tanteraka.

Scène 2 : Finy, lendrin'i Finy

Niantso an-téléphone an'lendriny i Finy hilazany fa ho avy izy, kanefa nambaran'lendriny fa efa an-dalana hamonjy ny fiboahan'i Bakiky ry zareo. Taitra sady nalahelo mafy noho izany i Finy ka notapahany ny antsony. Ranomaso no nandraisan'i Finy izany vaovaon'i Bakiky izany satria nahatsiaro ho voafitak'i Bakiky ihany koa izy na dia mbola tsy nisy fifanomezan-toky ara-pitiavana aza teo amin'izy roa.

EPISODE 51

- **Nohazavain'i Bera tamin'ny Hajasoa ny fivoaran'ny fiainan'i Bakiky**
- **Nozarai'i Bera roa ireo vola azony tamin'i Hajasoa mba hahafahany mitsinjo ny ho aviny sy ho entiny hanambitambazany ireo vady aman-janany sy ny rafozany.**
- **Nivaky tamin'i bera i Hajasoa fa misy olana eo aminy sy i Finy ka nanapa-kevitra ny hamonjy an'i Finy eny ambanivolo izy.**

Scène 1 : Bera, Hajasoa

Notantarain'i Bera ny fivoaran'ny fiainan'i Bakiky. Mitombo ny vokatra amidiny ka izay no mahatonga azy mamonjy matetika aty amin'ny orinasan'i Hajasoa aty. Naborak'i Bera ihany koa fa manana olana amin'ny tokantranony izy ka izany no tena anisan'ny anton-dresaka tiany hatao amin'i Hajasoa. Nampanantena moa i Hajasoa fa halaminy avokoa izany olana rehetra izany rehefa vita ny fikarakarany ny mariaziny amin'i Finy. Naterin'i Hajasoa eny amin'ny tobin'ny fiara fitaterana i Bera ka any no atolony azy ireo vola vidin'ny manga nentin'i Bera.

Scène 2 : Bera

Rehefa azon'i Bera ireo vola dia nozarainy roa avy hatrany ka ny antsasany hajanony mba hitsinjovany ny vody andro ho merika, fa ny antsasany kosa hividianany lamba fitafy ho an'ireo vady aman-janany sy ho entiny hanambitambazany an'ireo rafozany, indrindra fa Iendrin'i Finy.

Scène 3 : Hajasoa

Taitra i Hajasoa raha nahita fa lasa nitsoaka i Finy. Tapaka ny heviny fa handeha halainy any ambanivolo i Finy izay mety mbola ho tratrany eny amin'ny tobin'ny fiara fitaterana. Nivoady tena i Hajasoa fa tsy maintsy hataony izay hodian'i Finy an-trano. Niantso an'i Bera tamin'ny finday i Hajasoa. Fantatra fa efa tsy ao amin'ny tobin'ny fiara fitaterana intsony i Finy fa efa lasa. Nambaran'i Hajasoa tamin'i Bera fa niova ny heviny fa handeha hamonjy an'i Finy eny ambanivolo izy ka notaominy hanaraka azy amin'ny fiarany i Bera.

EPISODE 52

- **Miomana ny hanatrika ity fampiakaram-bady noterena ity i Bakiky no sady malahelo an'i Finy hatrany.**
- **Nifanaraka i Bera sy i Hajasoa fa hifanampy amin'ny fampodiana avy ny vadiny amin'izao olana misy amin'izy roa lahy izao.**
- **Nasain'Iendriny hamonjy avy hatrany eny amin'Iendrin'i Zemany i Finy nony vao tonga tao an-tanàna.**

Scène 1 : Bakiky, Iendrin'i Finy.

Malahelo ny fiainany i Bakiky satria dia mahatsapa tena ho tratran'ny tery vay manta mihitsy izy amin'ity izy noteren'ny ray amandreniny hanambady an'i Deriane ity. Tsy maintsy ho tanterahaina anefa ity fiboahana (vody ondry) izay efa nokasaina hatao androany ity na dia malahelo fatratra an'i Finy izay heveriny fa efa ampelantanan'olon-kafa i Bakiky. Fampiononan-tena no hany sisa azo atao hoy i Bakiky.

Scène 2 : Iendrin'i Finy, Bakiky

Namonjy an'i Bakiky tany an-tranony mialohan'ny handehanany Iendrin'i Finy, ka niandry an'i Bakiky ho tafaomana hiaraka hamonjy ity lanonana fiboahana ity aminy.

Scène 3 : Bera, Hajasoa

Ankoatry ny fitantaran'i Hajasoa ny olana eo amin'izy sy i Finy, dia nambaran'i Hajasoa amin'i Bera teny an-dalana ihany koa fa manana olana amin'i Finy izy ka nanapa-kevitra ny hamonjy an'ireo ray amandreniny aloha hampody azy. Notantarain'i Bera ihany koa fa hampaka-bady i Bakiky, ka i Deriane zanak'Iendrin'i Zemany no halainy ho vady. Nifanaraka sy nifanome toky moa izy roa lahy fa hifanampy amin'ny fampodiana ny vadiny avy. Omby no nangatahin'i Bera tamin'i Hajasoa mba ho entiny hampody an'i Baosily vadiny.

Scène 4 : Finy, Iendrin'i Finy

Vao nigadona tamin'ny fiara fitaterana i Finy dia niantso an'Iendriny, ka nilaza ity farany fa tsara kokoa raha tonga dia mamonjy eny amin'Iendrin'i Zemany i Finy fa efa eny avokoa ny olona rehetra hamonjy ity fiboahana (vody ondry) ity.

EPISODE 53

- **Nisehoan-javatra maro teny antokotanin'Iendrin'i Zemany. Tafahaona teny i Finy sy i Bakiky, ka samy nifamboraka ny tantaram-pitiavany izay tsy araky ny niheverany azy avy.**
- **Nambaran'i Finy an'Iendriny ihany koa fa hay efa manambady ity Hajasoa ity.**
- **Niambatrambatra izy roa lahy ny hiditra mialoha ao an-tranon'ireo rafozany, satria dia matahotra ny hisehoan'ny toetra ratsin'Iendrin'i Finy loatra i Bera.**

Scène 1 : Finy, Bakiky, Iendrin'i Finy.

Sadaikatra i Finy hanatona an'i Bakiky sao hanimba ity andro lehibe amin'i Bakiky ity izany. Tsikaritr'i Bakiky ihany koa i Finy ary nanapakevitra ny hamonjy an'i Finy izy, ka niera kely tamin'Iendrin'i Finy aloha. Somary gaga i Bakiky mahita an'ity mason'i Finy bongo ity. Ranomaso no nilazan'i Finy tamin'i Bakiky fa tena niangaran'ny fiainana tanteraka izy, fa hay manambady vazaha i Hajasoa. Nilaza tamin'ny maso manganohano ihany koa i Bakiky fa tsy sitrapony akory izao zavatra miseho aminy izao.

Nigogogogo nitomany i Finy namonjy an'Iendriny. Niaraka naneho ny alahelony teo amin'Iendriny i Finy sy i Bakiky. Nilaza mihitsy aza moa i Bakiky fa hody fa tsy vitany ny hiroso amin'izany fiboahana izany. Tsy nampirisika azy amin'izany i Finy fa henatra amin'ny fiaraha-monina izany hevitra an-taingin'i Bakiky izany satria efa miandry avokoa ny fianakaviana roa tonta. Gina tsy nahateny Iendrin'i Finy raha nandre fa hay manambady i Hajasoa. Manambady Vazaha any an-dafy any. Ny fitiavany anefa dia any amin'i Bakiky kokoa. Nilaza moa izy fa nohon'ny nataony

avokoa no nahatonga izany fahadisoam-panantenana rehetra izany. Nandà an'izany kosa anefa i Finy.

Scène 2 : Hajasoa, Bera

Tonga eto Mahasesiky izy roa lahy. Nanoso-kevitra i Bera fa tsara kokoa raha mandalo any an-tranony aloha izy roa lahy hanatitra ireto entam-ben'i Bera na dia maika sy dodona hitady an'i Finy aza i Hajasoa.

Nony tonga tany an-tranon'ny rafozandry zareo izy roa lahy dia nifanilaka. Nifanilaka ny hiditra mialoha ao an-tranon-drafozany izy roa lahy ka nambaran'i Bera fa tena misy toetra ilay rafozam-baviny ao. Matahotra ny ho tsenain'Iendrin'i Finy amin'ny fanoto indray mantsy i Bera. Hany herin'i Hajasoa dia izy no nitari-dalana.

EPISODE 54

- **Fandroahana maivaivay no nataon'i Finy azy roa lahy rehefa tonga tao an'efitranon'i Finy, na dia niezaka ny nanambitamby hatrany aza i Hajasoa.**
- **Nanararaotra ny antso nataon'i Baosily izay mihetsi-jaza i Hajasoa mba hanatitra an'i Finy eny amin'ity zokivaviny. Hanaraka andry zareo ihany koa i Bera na dia noraran'i Finy tsy hiditra an-trano aza.**
- **Tsy navelan'i Finy hiditra ao an-tranon'i Baosily izy roalahy nony tonga.**
- **Marary nifamonjena tampoka tao an-tsena tao ny zanak'i Batia ka nanapakevitra ny hitondra azy any amin'ny tobim-pahasalamana i Milijhon**

Scène 1 : Hajasoa, Bera

Nihemotra tsy nety hanaraka an'i Hajasoa i Bera rehefa iny nitari-dalana iny. Nantsoin'i Hajasoa anefa izy nony fantany fa tsy ao an-trano ao Iendrin'i Finy fa i Finy irery no ao. Ilay resaka hataon'i Hajasoa amin'i Finy mihitsy koa no tena nilàny ani' Bera ho namana. Izay vao tapa-kevitra ny hiroso amin'izay i Bera sady niseho nitari-dalana mihitsy.

Scène 2 : Bera, Finy, Hajasoa.

Noroahin'i Finy avokoa na i Bera na i Hajasoa rehefa mby tao an'efitranony. Tsy naharesy dohika an'i Finy tao anaty hatezerana i Bera ka hany heriny dia nilaozany irery teo i Hajasoa. Nanambana ny hiantso vonjy ihany koa i Finy ho ren'ny fokonolona raha tsy mivoaka avy hatrany an'ity efitranony ity i Hajasoa. Niezaka ny nanambitamby hatrany amin'ny teny malefaka moa i Hajasoa, kanefa tsy nampihontsona an'i Finy avokoa ireny rehetra ireny. Noroahin'i Finy i Hajasoa ary niangaviany i Bera hitondra azy hivoaka.

Tao anatin'izany rehetra izany anefa no niantso an-téléphone i Baosily fa tena marary fa mihetsi-jaza. Fanararaotra izany ka indro i Hajasoa fa nanolo-tena ny hanatitra an'i Finy ho any amin-jokivaviny. Nilaza ny hanaraka ihany koa i Bera, na

dia nolavin'i Finy aza ka nambarany fa tsy mahazo miditra ny tranon'i Baosily izy na dia tonga eny an-toerana aza.

Scène 3 : Batia

Niomankomana ny hamonjy tsena hitondra ireto vokatra maro be novokarin'y ireto i Batia. Efa hitany mba efa metimety ihany koa ny fahasalaman'ity zanany, raha ny fanambaran'ilay mpitsabo nentim-paharazana novonjeny.

Scène 4 : Finy, Iendrin'i Finy

Nolazain'i Finy an-téléphone Iendriny ao anatin'ilay fetin'ny fiboahana fa mihetsi-jaza i Baosily ka mila mamonjy haingana eny an-tranony eny ry zareo. Nilaza i Finy fa ho raisiny amin'ny fiara eo Iendriny ka tsy tokony miera amin'i Bakiky intsony nohon'ny hamehana.

Scène 5 : Finy, Hajasoa, Iendrin'i Finy, Bera.

Tsy navelan'i Finy hiditra ao an-tanon'i Baosily izy roa lahy rehefa mby teo an-tokonana. Niezaka ny handamin-dresaka hatrany izy roalahy ho setrin'izany. Nambaran'i Hajasoa fa izao zava-misy izao dia tsara hanararaotana ny amin'ny hampandriana resaka amin'i Finy sy Iendriny.

Scène 6 : Finy, Baosily

Akory ny hagagan'i Finy nony nahita fa tsy dia mbola antomotra loatra ny fihetsehan'ny zaza ao ankibon'i Baosily. Nanapa-kevitra ihany anefa i Finy fa tsara raha mamonjy toeram-pitsaboana. I Baosily anefa somary mirona kokoa any amin'ilay mpampivelona malaza eo an-tanana ihany. Tsy mitovy hevitra amin'i Baosily kosa i Finy ny amin'izay.

Scène 7 : Milijhon, Batia

Hitan'i Milijhon ilay zanak'i Batia izay itangoronan'ny olona ao an-tsena. Nilaza moa i Batia fa efa namonjy ombiasa izy saingy izao vao mainka mihombo izao ny aretin'ialy zanany. Hany heriny dia nanaiky ny hitondran'i Milijhon aan'ilay zaza any amin'ny dokotera ihany i Batia.

EPISODE 55

- **Taorian'ny ady hevitra dia nanapaka Iendrin'i Finy fa tara raha ampidirina an-trano i Bera mba hanamorana ny fihetsehan-jaza ami'ni Baosily. Nanapakevitra ny hivoaka ny trano noho izany i Finy**
- **Natolotr'i Bera an'Iendrin'i Finy ireo fanomezana nentiny avy tany Farafangana ho an'ity rafozam-baviny**
- **Tonga teny amin'i Masera i Batia sy ilay zanany tsy salama ka nananatranatra i Masera mba tsy hitondra ny aretina ankoatry ny eny amin'ny tobim-pahasalamana hatrany.**

Scène 1 : Baosily, Finy, Iendrin'i Finy.

Tsy manaiky ny sosokevitr'i Finy sy Iendrin'i Finy ny hamonjy hopitaly i Baosily. Nilaza koa Iendrin'i Finy fa sao mba zaza mila ray ihany koa ity ao ankibon'i Baosily ity, ka tsara raha antsoina hiditra ao an-trano ihany i Bera. Nandà hatrany an'izany moa i Finy ka hany heriny dia nilaza ny hivoaka ny trano izy raha vao ampidirina eo i Bera.

Scène 2 : Bera, Hajasoa, Iendrin'i Finy

Niara-niaiky izy roa lahy fa tena fanararaotra izao zava-misy eto androany izao mba hampodiana ny vadiny avy. Nampanantena an'i Bera i Hajasoa fa hatolony azy izay omby hampodiany vady izay raha vitany ny manampy an'i Hajasoa amin'ny fampodiana an'i Finy. Odian'i Hajasoa tsy hita hatramin'ireny manga lozotra mody amidin'i Bera ireny mihitsy aza moa.

Raha mbola iny varian-dresaka iny izy roa lahy no indro nivoaka Iendrin'i Finy niantso an'i Bera, ka nanambara fa tsaratsara kokoa raha miditra ao an-trano i Bera mba hanamora kokoa ny ffihetsehan'ity zaza ao ankibon'i Baosily ity. Nohararaotin'i Bera moa izany fotoana izany hanolorany ireo fanomezana netiny avy tany Farafangana, hatolony an'ity rafozam-baviny.

Scène 3 : Milijhon, Masera, Batia

Tonga eny amin'i Masera i Milijhon mitondra ny zanak'i Batia sy i Batia. Taitra i Masera fa tena tazo mahery ny mahazo an'ity zaza ity kanefa toa izao vao mamonjy tobim-pitabona. Vao mainka moa gaga izy raha nadre tamin'i Batia fa ny ombiasy hatrany no itondran'i Batia ny aretiny hatramin'izay. Nananatra azy noho izany i Masera ka nambaran'i Masera fa manomboka izao dia ny famonjena tobim-pitsaboana ihany no tena azo antoka raha resaka fahasalamana. Teo ihany koa no nanadihadian'i Masera an'i Batia ka nahafantarany fa anabavin'i Bera izy ; ary izy izao misara-panambadiana izao no nahavoatery azy hiara-monina amin'i Bera anadahiny araky ny fomba.

EPISODE 56

- **Nampiseho fihetsika mampite hidera i Bera satria dia hita ho vonona tokoa ara-bola ny anao lahy amin'ny fikarakarana ny fiterahan'i Baosily. Mahina hatrany ny hisian'ny teti-dratsy ao ambadik'izany fiovan-toetran'i Bera izany anefa i Finy.**
- **Tsy mitsahatra ny mananatra hatrany an'i Batia i Masera ny amin'ny fitandroam-pahasalamana mahakasika ny ady atao amin'ny tazomoka. Hita ho manampy be an'i Batia hatrany amin'ny fikarakarana ilay zanany miditra hôpitaly ao amin'ny Masera ihany koa i Milijhon.**

Scène 1 : Bera, Baosily

Mihetsi-jaza i Baosily. Maneho fitiavana feno tambitamby i Bera. Nambarany fa izy ihany koa no hiantoka manontolo ny fiterahan'i Baosily fa tsy hianteherany amin'olon-

kafa mihitsy. Faly i Baosily nandre an'izany. Nampanantena ihany koa i Bera fa efa vonona ihany koa ny omby hatolony an'ireo ray amandrenin'i Baosily, rehefa milamina tsara ity fiterahan'i Baosily ity.

Scène 2 : Batia, Masera

Nohon'ny aretin'ny tazomoka mahery nahazo ny zanak'i Batia dia voatery izy haiditra hopitaly hoy i Masera. Izay rahateo no antony nampifanintona azy teny an-tsena kahatonga ny olona hitangorona teo aminy. Nanafatra hatrany i Masera fa tsara kokoa raha tandrovina ny fahasalamana indrindra ny ady atao amin'ny tazaomoka, ka ny tsotra indrindra amin'ireny dia ny fatoriana anaty lay misy ody moka. Somary gaga ihany moa i Masera raha nilazan'i Batia fa manana lay misy ody moka tokoa izy sy Bera anadahiny saingy efa nampiasainy nataony vala ho an'ny famboleny sy namatorany tafon-trano izany. Marihina moa fa miara-mipetraka sy miray asa fivelomana izy mianadahy ka i Bera no mamokatra fa i Betia kosa no mivaortra ny vokatra.

Scène 3 : Bera, Iendrin'i Finy, Finy

Natolotr'i Bera an'Iendrin'i Finy ny vola hikarakarana ny fiterahan'i Baosily. Nambarany fa efa niova tanteraka izy fa ampy hananatra azy izay tantara rehetra nolalovany izay. Tsy natokisan'i Finy anefa izany vola izany fa heveriny fa mbola teti-dratsy iarahany amin'i Hajasoa hatrany izany vola hikarakarana ny fiterahan'i Baosily izany.

Scène 4 : Batia, Masera, Milijhon

Voatery navelan'i Batia tao amin'ny hopitaly ny zanany fa izy kosa tsy maintsy haka ny entany any an-trano. Notoloran'i Masera lay misy ody moka i Batia, ka nanome toky fa hampiasainy an-tsakany sy an-davany amin'izay io manomboka izao. Mbola niandry azy teo ivelany teo koa anefa i Milijhon ka nilaza izy fa vonona ny hanatitra an'i Batia amin'ny moto mba haka ny entany. Nametra-panontaniana hafahafa moa i Milijhon mialohan'ny hiaingany ka somary sadaiktra i Batia ny hamaly azy hoe « Madama ve ianao sa ??? »

EPISODE 57

- **Nitohy tany amin'ny fakana ny entan'i Batia ny fifankahalalany amin'i Milijhon. Toa misy tsirim-pitiavana mitsimoka ihany koa aza/**
- **Nanambitamby fatratra an'i Finy ka nambarany fa vonona ny hanome ny ampahan'ny orinasany an'i Finy izy ho onitr'izay tantara ratsy nolalovan'izy roa izay.**

Scène 1 : Batia, Milijhon

Tsy vitan'ny nanatitra an'i Batia tany an-tranon'i Bera fotsiny i Miljhon fa nanampy azy tamin'ny fanangonan'entana ihany koa. Somary gaga hatrany moa i Milijhon mahita ireto lay misy ody moka natao fatotr'entana ireto ka nambarannhy fa izany no

anisan’ny nahavoan’ny tazomoka ny zanany. Nitatra moa ny resak’izy roa ka niafara tamin’ny fanontanian’i Milijhon ny ramosen’i Batia. Namaly i Batia fa tantara lava ny amin’izany satria tsy manana ramose izany izy.

Gaga sy talanjona i Milijhon raha nanatitra an’i Batia tany an-tanon’i Bera ka teo izy vao nahalala fa hay anabavin’i Bera i Batia. Vaky vava amin’ny hatsaran’i Batia moa izy.

Scène 2 : Hajasoa, Finy

Mitohy hatrany ny hatezeran’i Finy amin’i Hajasoa. Tsy vonona ny hihaino izay tambitamby atolotr’i Hajasoa velively izy. Eny fa na ny hiantso an’i Mr le Maire hanao ny mariazintsika izao dia izao aza hoy i Hajasoa. Vonona ihany koa i Hajasoa ny hanome ny ampahan’ny orinasa an’i Finy na dia tsy hiaraka intsony izy roa mba hanonerany ireo fiainan’i Finy « nosimbainy ». Io tolotra farany io no toa nampiova ny hevitr’i Finy, ka fanararaotra izao satria hita ho toa mikorosy fahana be ihany ny fianan’izy mianakavy.

EPISODE 58

- **Nifanaraka i Baosily sy i Batia fa hiara-hiasa amin’ny varotra izy miaotra**
- **Nitantara ny tsy fetezan’ny fanambadiany an’i Deriane amin’i Bera i Bakiky, no sady mbola maneho ny alahelony an’i Finy hatrany.**

Scène 1 : Batia, Baosily

Tonga namangy sy niarahaba an’i Baosily vao tera-bao i Batia. Tonga hila hevitra ny amin’ny ho fampandrosoana ny varotra ataony i Batia. Vonona ny hanampy azy amin’izany i Baosily ka hampitondra entana an’i Batia mba hamidy. Niaiky ny fiovan-toetran’i Bera ihany ko izy miaotra satria dia hita ho mihatsara ny fianany ankehitriny. Na izy tany amin’i Batia anabaviny, na izy aty amin’i Baosily vadiny.

Scène 2 : Bakiky, Bera

Tonga namangy sy niarahaba ny tera-bao i Bakiky. I Baosily moa tsy tratra tao an-trano fa lasa nanao vakisiny ny zazakely. Nambaran’i Bakiky ny fahasahiranany ao an-tokatranony ao. Na ny asa fihariana aza toa lasa tsy dia mahomby loatra ankehitriny hoy i Bakiky. Nambaran’i Bera fa tena vehivavy tsy dia mendrika loatra iny vadin’i Bakiky iny saingy tsy misy azony natao satria efa tongotra mby an-dakana ny an’i Bakiky. Mpiara-misotro toaka tamiko iny hoy i Bera.

Nitohy tany amin’i Finy sy i Hajasoa moa ny resaka. Nambaran’i Bakiky fa nanaitra azy ny fahitany an’i Finy bongo maso sy vonton’alahelo nandritra iny fiboahany iny. Notantarain’i Bakiky an’i Bera ny tantara reny tamin’i Finy ny amin’ny fisian’ilay vazaha vavy vadin’i Hajasoa.

Maniry koa ny hihaona amin’i Finy i Bakiky ka nambarany fa te hanatitra vokatra any amin’ny orinasan’i Hajasoa izy. Tsy dia tapaka moa iny hevitra iny satria nanambara i Bera fa tsara kokoa rah tsy miakatra any Farafangana i Bakiky ; satria tsy ho raisin’i

Hajasoa ny vokatra ho entin'i Bakiky nohon'ny hasarotam-piaron'i Hajasoa amin'i Finy.

EPISODE 59

- **Teo ampanaovana tatitra ara-bola tamin'i Baosily i Batia no nahafantatra ny fiarah'ni Batia sy i Milijhon. Vonona ny hitso-drano azy roa ireo ihany koa i Bera.**
- **Tonga hanatitra vokatra any amin'ny orinasan'i Finy izay nomen'i Hajasoa azy i Bakiky**

Scène 1 : Batia, Baosily, Bera

Tonga nanao tatitra ara-bola mahakasika ny varotra ataony amin'i Baosily i Batia. Nilaza vaovao mahafaly ihany koa i Bera fa efa tafaveriny soa aman-tsara ireo tanimbary namidiny ka efa afaka mamboly amin'ireo tany ireo i Batia anabaviny.

Somary taitra sy gaga i Baosily nahatsikaritra fa toa i Milijhon ity avy nanatitra an'i Batia tamin'ny moto ity. Nananamafy ny resak'olona mandeha ny filazan'i Batia fa miaraka izy sy i Milijhon ary mahatsiaro ho tena nahazo lehilahy mahay raha sy tsara fanahy i Batia miaraka amin'i Milijhon.

Scène 2 : Bera, Milijhon

Nifanena teo alatrano i Bera sy i Milijhon. Nambaran'i Milijhon fa manam-piakasana ny hampiakatra an'i Batia i Milijhn. Mitso-drano azy roa noho izany i Bera ary miandry fatratra ny fotoana hanaovana ny fiboahana (fampiakaram-bady)

Scène 3 : Finy, Bakiky

Miresaka an-téléphone i Finy sy i Bakiky. Vonona handray ny entan'i Bakiky ao amin'ny anajara orinasany i Finy raha ny firesany teo satria dia efa eo ambavahady eo i Bakiky izao. Tsy maintsy nilaza an'izany rehetra izany tamin'i Hajasoa i Finy. Noharangaranin'i Hajasoa avy eny ambony ny mety ho fihetsik'i Finy handray ny entan'i Bakiky

Scène 4 : Milijhon

Tonga saina ny amin'ity fivadihan'ny tantara ity i Miljhon. Ny nahalasa zaodahiny an'i Bera. Ny fiainan'i Bakiky somary nikorosy fahana. Ny tantaram-pianan'i Finy… Kodiaran-tsarety ity fiainana ity hoy izy miteny irery.

EPISODE 60

- **Teo am-panaterana entana tao amin'ny orinasan'i Finy no nisy fifampisangisangiana teo aminy sy i Bakiky, ka nampirehitra ny hasarotampiaron'i Hajasoa.**

- **Nasain'i Hajasoa novonoina i Bakiky. Nirefotra ny basy tany ambadiky ny vavahady. « Akôrinao izay !» hoy i Hajasoa.**

Scène 1 : Bakiky, Finy

Nambaran'i Finy an'i Bakiky fa tsy miaraka amin'i Hajasoa intsony izy fa orinasa sisa no iarahany monina amin'i Hajasoa. Rehefa nojeren'i Finy koa ny vokatra nentin'i Bakiky dia hitany fa tsy dia tsara kanefa dia noraisiny ihany. Notantarain'i Bakiky fa tsy misy raha manjary intsony ny fiainany hatramin'izany nanambadiany an'i Deriane izay. Nampahatsiahivin'i Finy ka nasainy naverina ilay hira noforonin'i Bakiky fony ry zareo mbola iray dabilio tany am-pianarana. Somary nisy fifampikasohana ara-batana misimisy.ihany koa izy roa satria nasain'i Finy namatotra ny akanjony somary nivaha i Bakiky. Novantanin'i Bakiky tamin'i Finy fa tia azy izy.

Scène 2 : Hajasoa, Finy

Tazan'i Hajasoa avokoa anefa izany rehetra izany ka nantsoiny an-téléphone i Gorille hamono an'i Bakiky raha vantany vao mivoaka io vavahady io. Atao tsy hita sy tsy re ny fisian'izay vono olona mivantana izay.

Tazan'i Finy ary fa misy lehilahy mitondra basy manaraka an'i Bakiky ka nihazakazaka izy ny hamonjy azy sady niantsoantso mafy an'i Bakiky. Nirefotra ny basy « Akôrinao izay ! » hoy i Hajasoa mantsy an'i Bakiky raha nandre ilay poa-basy avy ao an'efitranony.

Tapitra.